
Ismail Raji al Faruqi

# NY TAWHID, AM-PIANDOHAN'NY SIVILIZASIONA ISLAMIKA



Nadikan'i
Pierre TODIARIVO

Human Welfare League ( HWL )
&
Institut Culturel et Social Al-Ghazali
I.C.S.A.

**Ismail Raji   Faruqi**

# Ny *Tawhid*, Am-piandohan'ny Sivilizasiona Islamika

**Nadikan'i**
**Pierre TODIARIVO**

**Human Welfare League (HWL)**
**sy**

**Institut Culturel et Social Al-Ghazali( ICSA)**

Ny Tawhid, Am-piandohan'ny Sivilizasiona Islamika*

Navoakan'ny

**HWL – Human Welfare League**,24 Meldrum Street, Beau-Bassin, Mauritius

Tel: +23057737918, Email: info.humanwelfareleague@gmail.com

**Institut Culturel et Social Al-Ghazali(ICSA)**

Foibe toerana: Lot II M, 72 bis, Ankadivato – 101, Antananarivo,

Madagascar. Tel : + 261 34 29 985 21

Email : icsalghazali@gmail.com

Mpiara-miasa :

**IIIT – International Institute of Islamic Thought**

(Tompon'ny zon'ny mpamorona voalohany)

500 Grove St., Suite 200,Herndon, VA 20170

Email: iiit@iiit.org

**IESE – Institute for Epistemological Studies – Europe**

Rond-Point Robert Schuman E.U.6,1040 Bruxelles, Belgique

Email : iese.europe@gmail.com

Mpanao makety: Anwar Cara

Nanao ny fanitsiana sy nadika amin'ny teny malagasy: Pierre TODIARIVO

Mpanamarina sy mpanaramaso : MDAHOMA Abdourazakou

© Human Welfare League (HWL)

Voatokana ho an'ny nahazo alalana ny fanaovana dika mitovy,
dika amboarina sy fandikan-teny ho an'ny tany rehetra.

ISBN: 978-99949-0-997-1

* Ity boky kely ity no endrika nafohezina.
Ny lohateny voalohany dia hita amin'ny teny anglisy, ao amin'ny IIIT, USA

**Ny renisoratra arabo.**
**Tarehintsoratra voalohany, tsy avoaky ny vava, tarehintsoratra anelanelany sy farany.**

| | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|
| ا | a | د | d | ض | ḍ | ك | k |
| ب | b | ذ | dh | ط | ṭ | ل | l |
| ت | t | ر | r | ظ | ẓ | م | m |
| ث | th | ز | z | ع | ʿ | ن | n |
| ج | j | س | s | غ | gh | هـ | h |
| ح | ḥ | ش | sh | ف | f | و | w |
| خ | kh | ص | ṣ | ق | q | ي | y |

**tarehintsoratra anelanelany sy farany.**

| | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| **Ny zanatsoratra** | ـَ | a | ـِ | i | ـُ | u |
| **ny zanapeo sosona** | ـَا | ā | ـِي | ī | ـُو | ū |
| | | | ـَوْ | aw | | |
| **etsetra** | | | ـَيْ | ay | | |

# SASINTENY

## NY MAHA IZY RANOIRAY NY SIVILIZASIONA ISLAMIKA

Ny diny Islam no ifotoran'ny maha izy ranoiray ny sivilizasiona islamika. Tsy misy isalasalana ny amin'izany. Ny diny Islam anefa dia miorina amin'ny *tawhid,* izany hoe, ny fanambarana fa I Allah no Ilay Tompo sy Ilay Mpamorona ny zavatra misy rehetra, ary Izy dia safatsiroa, lehibe dia lehibe Tsy Hita noanoa, ary Ambony dia Ambony Tsy Manam_paharoa.

Ireo fototra lehibe roa ireo dia tsy azo iadian-kevitra, ary koa tsy mbola nokianin'ireo izay ao anatin'ny sivilizasiona islamika mihitsy. Tato anatin'ny am-polo-taona faraparany izao anefa, dia misy misionera, manam-pahaizana momba ny riba tatsinanana, sy mpanadiady momba ny diny islam naneho fisalasalana mikasika azy ireo. Na toy inona na toy inona ny haavon'ny fanabeazana azony, ny mpino moslimo rehetra dia resy lahatra, amin'ny fomba hentitra, ny amin'ny fisian'ny maha izy ranoiray ny sivilizasiona islamika, dia ny *tawhid* izany, ary mahafantatra tsara, fa ity farany, dia azo fantarina, adiadiana, ary soritsoritana ny momba azy.

Ny *tawhid* no mamaritra ilay maha izy azy ny sivilizasiona islamika. Izy ity indray no mampifandray ireo singa samy hafa mahaforona sy mandrafitra ilay tenan-javatra lehibe feno sady voalamina ho iray antsoina hoe "sivilizasiona". Amin'izy mampitambatra singa samihafa, ny maha izy azy ranoiray ny sivilizasiona iray (izany hoe eto, ny *tawhid*), dia manova azy ireny ho lasa modely volavolaina mba hirindra, sy hifandray, ka hahaforona ny lasitry ny singa hafa indray. Izy anefa tsy voatery hanova ny toetra voajanaharin'izy ireo: izy no manome endrika vaovao ireo singa mahaforona ny sivilizasiona iray, mba hanome azy ireo toetra mampiavaka vaovao hafa, natokana ho an'izany sivilizasiona izany irery. Mety miovaova be dia be, arakaraky

ny fifandraisana misy amin'ny maha izy ranoiray ny sivilizasiona voatondro iray, sy ireo singa samy hafa ireo, ary koa ny samy anjara asany, ny haben'ilay fanovana. Ho an'ireo avara-pianarana moslimo izay nilofo tamin'ny fikarohana momba ny sivilizasiona, dia tena mazava io fifandraisan io: ka izany no antony mahatonga ireo asa soratr'izy ireo nampitondraina ny lohateny hoe "*Tawhid*", teny izay nampivondronan'izy ireo loha hevitra samihafa. Mihevitra ireny mpanoratra ireny fa ny *tawhid* no hevitra fiorenana lehibe indrindra amin'ny diny Islam, satria izy no mahasahana sy mamaritra ny lohahevitra hafa rehetra. Araky ny hevitr'izy ireo, izy no loharano sy singa mpamaritra ny sivilizasiona islamika amin'ny maha sehon-javatra iray azy.

Ny atao hoe "*tawhid*", dia ny faharesen-dahatra sy ny fijoroana ho vavolombelona fa "tsy misy andriamanitra afa tsy i Allah". Na dia eo aza ny maha tena fohy azy, ity fiteny raikitra fanao amin'ny endrika fandavana ity no mirakitra ny hevitra lehibe indrindra sy mivelatra indrindra amin'ny diny Islam. Indraindray, ny kolotsaina iray, ny sivilizasiona iray, na ny tantara iray manontolo dia mety ho voafintina amina fehezan-teny iray. Izany no mitranga amin'ny fanambaràna ny fanekem-pinoana amin'ny diny Islam (ny *kalimah*). Ny fahasamihafana, ny harena,ny tantara, ny kolotsaina, ny fahalalana, ny fahendrena, sy ny sivilizasion'ny diny Islam no voafintina ao anatin'ity fiteny raikitra tena fohy ity: « *lā ilāha illā Allah* » (tsy misy andriamanitra afa tsy i Allah).

# 1.TOKO VOALOHANY

## Ny *tawhid*: vina momba izao tontolo izao.

Ny tawhid dia vina ankapobeny momba ny fisiana, ny fahamarinana, izao tontolo izao, ny habaka, ny fotoana sy ny tantaran'ny zanak'olombelona. Arak'izany, dia mahafaoka ireto lohahevitra ireto izy: ny fisian'ny fifanindranandroa tsy afa-misaraka, ny famadihan-javatra ho lasa fahalalana, ny teleolojia, izany hoe ny fandalinam-pahaizana momba ny amin'ny tsy maintsy hisian'ny tanjona eo amin'ny famoronana, ny fahafahan'ny zanak'olombelona hahavita zavatra, sy ny maha azo volavolaina ny zava-boahary, ireo fifindramonina samy hafa vitan'i Abrahama, ny fandraisana andraikitra sy ny fahaiza-mandanjalanja.

### Ny faharoalafiana.

Ny fisiana dia mahafaoka sokajy roa, iray fiandohana hatrany am-panombohana: andaniny, Andriamanitra, Ilay Mpamorona, ary ankilany, izay tsy Andriamanitra, izany hoe ny noforonina. Ny sokajy voalohany dia tsy misy afa tsy singa iray: Allah, Ilay Lehibe dia Lehibe tsy Hita Noanoa, sy Ilay Tsitoha. Izy no hany Andriamanitra Mandrakizay, Mpamorona sy Ambony dia Ambony Tsy Manam-paharoa; Tsy misy toa Azy: Tokana Izy, mandrakizay, lehibe dia lehibe tsy hita noanoa sy tsy manana mpiombon'antoka. Ny sokajy faharoa dia manondro ny habaka-fotoana, ny traikefa sy ny famoronana. Ao anatiny daholo ireo zava-boahary, ny zavatra, ny zava-maniry sy ny biby, ny olombelona, ny jiny sy ny anjely, ny lanitra sy ny tany, ny paradisa sy ny afobe, sy ny endrika rehetran'izy ireo hatramin'ny namoronana azy avy. Ireo sokajy roa ireo, Mpamorona sy noforonina, dia tena samy hafa araky ny votoatiny, ny maha voahary azy ireo, ny fisiany, ary ny anjara asany. Tsy afaka ny hikambana ho lasa iray, mitambatra ho lasa iray na mifangaro ho lasa bambaray izy ireny. Ary koa, tahaka ny tsy mety ny hisian'ny hoe Ilay Mpamorona indray, araky ny haiolombelona, ho voaova ho zavatra noforonina, ny

zavatra noforonina iray dia tsy afaka ny hanoatra na hanova vatana sy endrika, na amin'ny fomba toy inona na toy inona, ka ho lasa Mpamorona.

**Ny famadihana ho voan-kevitra.**

Ara-boajanahary ny famadihana ho voan-kevitry ny fifandraisana misy eo amin'ireo sokajy roan'ny fisiana ireo. Ny teboka marim-pamantarana fototra iorenany ao amin'ny zanak'olombelona dia ny fahefahan'ity farany mahataka-javatra. Amin'ny maha fitaovana enti-manao sy toerana itobian'ny fahalalana azy, ny fahatakaran-javatra dia miaty ireo anjara asa rehetra an'ny haifotopahalalana miafin'ny fitadidiana, ny faminavinana ao an-tsaina, ny fanaporofoan'ny saina, ny fandinihana, ny tsindrim- panahy, ny fahazoana an-tsaina, ets. Ny olombelona rehetra dia nahazo ny fahafahana mahataka-javatra. Ity fahafahana mahataka-javatra ity kosa dia mba efa tonga amin'ny lentam-pivoarana misimisy, ka hahatonga azy ireo hahatakatra ny sitrapon'Andriamanitra, amin'ny alalan'ny iray amin'ireto fomba roa manaraka ireto, eny mety amin'izy roa mihitsy aza: rehefa miseho ilay sitrapo, amin'ny alalan'ny teny avy amin'Andriamanitra, miantefa mivantana amin'ny zanak'olombelona, ary koa rehefa hita amin'ny fandinihana ny famoronana.

**Ny haifiafarana.**

Ny maha voahary an'izao rehetra izao dia araky ny haifiafarana, izany hoe, manana tanjona farany ho tratrarina, dia ny an'ny Mpamorona izany, ary izany dia niniana natao. Tsy noforoporonina fahatany hahasasa-poana, na hahazoana fahafinaretana izao tontolo izao. Izy koa tsy mba vokatry ny kisendrasendra na fifanandrifian-javatra fotsiny tonga ho azy: tonga lafatra no namoronana azy, ary izay misy dia samy manana ny mari-drefiny sahaza azy avy, sady tonga amina tanjona izay voatondro mialoha ao anatin'izao rehetra izao. Izao tontolo izao tokoa manko dia « lamin-java-misy », famoronana voakalamina, fa tsy mba « korontan-javatra tsy ifankahitana ». Ao amin'izany tontolo izany, tanteraka hatrany ny sitrapon'Ilay Mpahary. Voahaja ny fikasany, amin'ny alalan'ny ankolaky ny tsy azo ialana

ny lalàna voajanahary, satria raikitra anatin'ny zavatra tsirairay ara-boajanahary izany fikasana izany. Tsy misy zava-boahary ankoatry ny zanak'olombelona no misehatra na misy amin'ny fomba manohitra ilay nandidian'Ilay Mpahary azy. Ny zanak'olombelona no hany zava-boahary tokana isehoan'ny sitrapon'Andriamanitra, tsy vokatry ny tsy azo ialana, fa arakaraky ny faneken'ny olombelona. Ny anjara asan'ity farany, eo amin'ny lafiny ara-batana sy ara-tsaina amam-panahy, dia ao anatin'ny voahary, ary amin'izany maha izy azy izany, dia manoa ireo lalàna izay natokana ho azy izy ireo, amin'nyfilana izay mitovy amin'ny asehon'ireo zava-boahary hafa. Na izany kosa aza anefa, ny anjara asa amin'ny lafiny ara-panahy, izany hoe ny fahatakaran-javatra sy ny asa ara-pitondra-tena, dia tsy anisan'ny voahary fehezin'ny famaritana izy: miankina amin'ny zanak'olombelona ireo anjara asa ireo, ary milefitra manaraka ny sitrapony. Ny mampivaingana ny sitrapon'Andriamanitra amin'ireo anjara asa ireo, noho izany, dia manana hasina ara-toetran-javatra hafa, raha oharina amin'ilay tanteraka tsy azo ialana amin'ireo zava-boahary hafa. Ny mampivaingana voafaritra mialoha ny sitrapon'Andriamanitra, dia tsy mihatra afa tsy amin'ireo hasina fototra sy amin'ny ara-anjara asa, fa ny mampivaingana amin'ny fahalalahana kosa, izy, dia mihatra amin'ny fitsipi-pitondran-tena. Na izany aza anefa, ny tanjona ara-pitsipi-pitondran-tena an'Andriamanitra sy ny Didiny mitodika amin'ny zanak'olombelona dia manana fototra mivahatra amin'ny tontolon'ny zava-misy: noho izany ary, dia manana toetra mifototra amin'ny ara-anjara asa izy ireo. Nefa izany dia tsy manome azy ireo ny toetra manokan'ny zavatra manana toetra ara-pitsipi-pitondran-tena. Na dia azo dikaina aza izy, dia izay endriky ny didy izay mihevitra ny olombelona ho sady tompon'andraikitra no manana fahalalahana izay no manome toetra manokana an'ilay lazaina fa "toetra ara-pitsipi-pitondran-tena".

**Ny fahafahana mahavita zavatra ananan'ny zanak'olombelona sy ny fahafahana manome endrika ny voahary.**

Ny java-boahary tsirairay dia manana tanjona izay azo tratrarina ao anatin'ny sehatry ny habaka sy fotoana. Raha tsy izany, dia

tsy ho tafavoaka amin'ny baranahiny tsy misy henatra isika, ka ny famoronana, ary koa ny fandehan-javatra ao anatin'ny fotoana sy habaka dia ho very ny dikany sy ny maha zava-dehibe azy ireo. Raha tsy misy ity mety ho fitrangan-javatra ity, ny adidy ara-pitsipi-pitondran-tena (*taklif*) dia manjavona, ary miaraka aminy, dia foana ny tanjona farany ho tratrarina na koa ny sitrapon'Andriamanitra. Ny fahatanterahan'ny lehibe dia lehibe tsy hita noanoa, izay anto-pisian'ny famoronana voafaritr'Andriamanitra, dia tokony ho tanteraka mby amin'ny fizoran'ny tantara, izany hoe ao anatin'ny sehatry ny fandehan-javatra momba ny fotoana, izay mampisaraka ny zava-boahary amin'ny Andron'ny Fitsarana Farany. Amin'ny maha mpanao ny asa ara-pitsipi-pitondran-tena azy, ny zanak'olombelona dia tokony ho afaka hanao fanitsian-tena sy manova ireo mitovy torosy aminy, na ny fiaraha-monina sy ny voahary na ny tontolo iainany, mba hanatontosana ny drafitr'asan'Andriamanitra ao aminy sy amin'ny hafa. Amin'ny maha fototra iantefan'ny asa ara-pitsipi-pitondratena azy, ny zanak'olombelona, ireo tahaka azy sy tontolo iainany, dia tokony ho afaka hanaiky ny asa mahomby ny zanak'olombelona amin'ny maha mpanao ny asa azy. Ity fironana mifanohitra amin'ny fahefana ara-pitsipi-pitondran-tena an'ny zanak'olombelona hanao zavatra amin'ny maha mpanao azy ity dia tena ilaina, satria raha tsy misy azy, ny fahefana hanao asa ara-pitsipi-pitondran-tenan'ny zanak'olombelona dia tsy hisy, ka ny voahary voafaritra mialohan'izao tontolo izao dia hanjavona. Eo indray, dia tsy ho hafa-miala amin'ny baranahiny tsy misy henatra isika. Mba hahatonga ny famoronana hanana tanjona iafarana (ary ity fitokoavana ity dia tsy azo ialana, raha ekena fa tena Andriamanitra tokoa Andriamanitra, ary ny Asan-tànany dia tsy asan-drajako tsy misy dikany), dia tsy maintsy azo volavolaina izy, ovana, sy mahavita mampiova endrika ny maha izy azy ranoiray, ny firafiny, ny toe-piainany sy ny fifandraisany, mba hampiseho vatana sy hampivaingana ny fihetsiky ny zanak'olombelona sy ny tanjona iafarany. Ity fepetra ity dia mihatra amin'ny zava-boahary rehetra, ka ao anatin'izany ny maha voahary ara-batana, ara-tsaina amam-panahy, sy ara-panahy ny zanak'olombelona. Ny zava-boahary rehetra dia afaka manatontosa izay andrasana amin'izy ireo, izany hoe ny sitrapo na ny rafitra vita kalamin'Andriamanitra, amin'ny sehatrin'ny fotoana sy habaka.

**Ireo fifindra-monina samihafa vitan'i Abrahama.**

Ny fifinfra-monin'i Abrahama, sy Hagara, ary i Ismael tany Makka.

Ny dian'i Jakoba tany Harana; ny momba ny lalàn'ny zanany Josefa, nentin'ny karavanina nankany Egypta.

Ny lalàn'ireo zanak'i Jakoba ho any Egypta, avy eo nankany Hebrona.

Fiandohana avy any Makka, sy ny an'ny hebreo. (1800 TNK – 622 ANK).

**Ny andraikitra sy ny fahafahana mandanjalanja.**

Raha voadidy ny zanak'olombelona hanova ny momba azy, sy ny fiaraha-monina izay iainany, ary ny tontolo iainany mba hifanojo amin'ny drafitra vita kalamin'Andriamanitra, ka hita fa mahavita izany izy, ary raha izay rehetra eo ambanin'ny asany, sy azo volavolaina sy afaka mandray sy asany ary maneho vatana ny tanjona tiany tratrarina, dia azo lazaina amin'izay fotoana izay fa tompon'andraikitra izy. Ny adidy ara-pitsipi-pitondra-tena dia tsy maintsy miaraka amin'ny andraikitra na ny adidy. Raha tsy tompon'andraikitra ny zanak'olombelona sy tsy mamerin-doha izy amin'ny asany, dia ho tsy azo ialana ny fampanaiken'ny baranahiny tsy misy henatra. Ny fahafahana mandanjalanja, izay mampivaingana izany andraikitra izany, dia fepetra tsy azo ialana amin'ny tamberin'andraikitra sy ny adidy ara-piptsipi-pitondran-tena. Izany fahafahana mandanjalanja izany dia avy amin'ny maha voahary mihitsy ny « fandraisana ho fitsipika fototra ». Ny fahafantarana fa io fahafahana mandanjalanja io dia hiseho eo amin'ny sehatry ny habaka-fotoana na aorian'izany, dia tsy misy antony be loatra: tsy maintsy hitranga foana izany Mankato an'Andriamanitra, izany hoe milefitra amin'ny Didiny sy mampivaingana ny Drafitra vitany kalamina, dia mahatratra ny « *falah* », izany hoe ny fahombiazana, ny fiadanana, sy ny fahatoniantsaina sy fanahy. Ny tsy fanaovana izany, dia tsy mankato Azy, ary mampihahaka tena ho azon'ny sazy, ny fijaliana, ny voina sy ny tsy fahombiazana.

Zanakin'ny mpirahalahy ny Mponin'i Makka sy ny jiosy: iray ihany ny razana niavian'izy roa ireo, i Abrahama (na Ibrahima), avy any Ur, any Mezopaotamia Ambany. Nanohitra ny fanompoantsampy nataon'ny vahoakany izy, ka rehefa afaka tamin'ny fomba mahagaga tamin'ny sazy nataon'izy ireo taminy, dia namonjy ny foko mpifindrafindra-monina Amoro, ka nankany Kanana. Ny zanany lahy Ismael (na Isma'il), sy izy tenany no nanangana ny Ka'aba ao Makka, tanànan'ireo taranak'izy ireo, izany hoe ny zanakin'ny foko Koraishy. Ilay zanak'i Abrahama hafa, i Isaka, sy ny taranany, dia naniry ny honina ao Kanana, nefa tsy afaka nanao izany avy hatrany izy ireo: raha ny sasany tamin'izy ireo nirenireny tsy nanan-tanjonkodiana, ny hafa taminy kosa dia lasa namonjy an'i Egypta. Tsy afaka niorim-ponenana tany Kanana izy ireo, raha tsy efa nanakaiky ny arivo taona taty aoriana, ary niroaroa saina tamin'ny hitambatra amin'ny mpiaraha-monina sy ny fitiavana te-handeha hifindra indray. Nahatsiravina ny niafaran'ny fonenan'izy ireo tao Kanana, ka ireo sisa velona dia nieli-patrana naneran-tany nandritry ny roa arivo taona nanaraka.

# TOKO FAHAROA

# NY *TAWHID*: NY MAHA IZY RANOIRAY NY SIVILIZASIONA

Amin'ny maha izy ranoiray ny sivilizasiona islamika azy, dia manana saka roa ny *tawhid*: ny iray dia mahakasika ny haifandrindrana; ny iray hafa dia momba ny votoatiny. Ny voalohany dia mamaritra mialoha ireo endrika fampiharana sy fanatontosana ireo lohahevitra fototry ny sivilizasiona, raha mamaritra izany lohahevitra fototra izany kosa ny faharoa.

**Ny saka mahakasika ny haifandrindrana.**

Misy lohahevitra fototra telo ao anatin'ny saka mahakasika ny haifandrindrana: ny maha iray, ny fironana amin'ny fampiasana ny saina, ary ny fahaleferana. Ireo andrim-pinoana ireo no mamaritra ny endriky ny sivilizasiona islamika, endrika izay ho hita amin'ireo sehatra rehetra an'ity sivilizasiona ity.

**NY MAHA IRAY**—Tsy misy na iray aza sivilizasioana tsy manana ny maha iray azy. Raha tsy mitambatra ho iray ireo singa mahaforona ny sivilizasiona iray, dia tsy mahaforona silizasiona iray izy ireo, fa vaingan-javatra manjavozavo iray. Ilaina ny manana lohahevitra iray izay mampitambatra ho iray ireo ampahany samihafa, sy mampiditra azy ao anaty lasitra iray. Izany no hahafahana manova io savoritaka fifandraisana io ho rafitra voalamina iray, izay ahitana ny ambaratonga ana laharam-pahamehana sy ny lanja mazava tsara. Ny sivilizasiona islamika dia mametraka amin'ny toerany ireo singa ireo, amina fomba milamina, ary mamaritra ny fisiany sy ny fifandraisany araka modely ranoiray. Ankoatr'izany, ny loharanon'ireo singa ireo dia mety avy eo an-toerana, na avy any ivelany. Satria tokoa, tsy misy na iray aza sivilizasiona madiodio manontolo tsy ahitana ampahany

avy any ivelany. Nefa kosa, tsy maintsy mampiray volo ireny singa ireny izy, manova azy ireny, ary koa ny fifandraisana mampiray azy, alohan'ny hampidirany azy ho ao amin'ny satany manokana. Amin'ny fanomezana azy ireny "endrika anaty" manokana, dia ovana izy ireny; ary rehefa very ny fahaleovantenany na ny fiankinany amin'ireo fotokevitra tany aloha, ireo singa ireo dia lasa ampahany anatiny mahaforona ilay sivilizasiona vaovao izay idirany. Tsy azo anadisoana sivilizasiona iray ny fanany silaka avy any ivelany. Nefa kosa, rehefa mianona fotsiny amin'ny fandraisana azy ireny izy, amin'ny fomba mikorontana, sady tsy misy fanovana azy ireny, fanamboarana sy fampidirana azy ireny, dia mety hanimba zavatra izany, satria, amin'izany tranga izany, dia miara-miaina amin'ilay sivilizasiona fotsiny ireo singa, fa tsy mba anisan'ny ampahany aminy. Raha ny mifamadika amin'izany no mitranga, ka nahavita nanova azy ireny ilay sivilizasiona, sy nampiray volo azy ireny ao anatin'ny satany, ny fandehan'ny fampidirana anatiny mitranga dia porofon'ny fanany aina, havitrihana, sy fahaizany mamorona. Ao anatina mety ho sivilizasiona feno, ary tsy iadian-kevitra ny fahamarinan'izany ao amin'ny islam, ireo singa mahaforona, na azo tsapain-tànana izany, na ara-drafitra, na ara-pifandraisana, dia mifandray avokoa amin'ny alalan'ny lohahevitra fototra faratampony iray. Ho an'ny trangan'ny sivilizasiona islamika, dia ny lohahevitra fototra faratampony *tawhid* izany. Izy no ambaratongana mari-drefy farany indrindra ho an'ny moslimo, mpitari-dàlana azy sady mason-tsivana amin'izay mety ifandraisany amin'ireo fivavahana hafa sy sivilizasiona hafa, ary amin'ny toe-javamisy vaovao. Izay rehetra mifandray amin'io lohahevitra io dia azo ekena sy ampidirina, ary, raha mifanohitra amin'izany, izay rehetra manohitra dia ailika sy lavina.

Ny *tahwid* no andrim-pinoana fototry ny maha isa fa tsy roa lehibe dia lehibe, ny maha ambony dia ambony, sy ny tarigetra fisian'Andriamanitra: izany andrim-pinoana fototra izany dia midika fa Izy irery ihany no mendrika ny Hivavahana sy ho Tompoina. izay olona mankato dia mitondra ny fiainany manaja an'io lohahevitra io: miezaka izy mba hanatanteraka ny sitrapon'Andriamanitra, ary koa ny asan'ny rehetra mba hifanaraka amin'ilay drafitrasan'Andriamanitra.

Ny fiainany dia tsy maintsy vavolombelon'ny filaminana manjaka eo amin'ny saina amam-panahiny sy ny finiavany, filaminana izay ezahiny ho tratrarina lalandava eo amin'ny asany rehetra. Ny fiainany dia tsy tokony ho fitanjozoran-jav-mitranga tsy misy ifandraisany: ny asany rehetra dia tsy maintsy mifamatotra amina lohahevitra fototra iray lehibe sady mifandray ao anaty lasitra iray sy nampiraisina. Arak'izany, ny fiainany dia tsy maka afa-tsy endrika tokana, manontolo: izany hoe, raha atambara dia ny an'ny Islam.

**NY FANDALANA NY FIFOTORANA AMIN'NY SAINA–** Amin'ny maha lohahevitra momba ny haifandaminana azy, ny fandàlana ny fifotorana amin'ny saina dia iray amin'ireo singa mahaforona ny maha izy azy ranoray ny sivilizasiona islamika. Fitsipika telo no mandrafitra azy: (i)-ny fanilihana izay rehetra tsy mifandray amin'ny zavamisy, (ii)- ny fandavana ny fifanoherana amin'ny tanjona, ary farany, (iii)- ny fisokafana amin'ny porofo vaovao sy / na mifanohitra. Ilay fitsipika voalohany dia miaro ny moslimo amin'ny fanaovana tombatombana, izany hoe ny fanao mitaky fahalalàna tsy voamarina. Araky ny lazain'ny Boky Masina Kor'any, ny fanambarana tsy misy fanamafisana ny mahamarina azy, dia ohatra iray amin'ny fanaovana anoano (*thann*), voararan'Andriamanitra, na dia mahakasika ny angom-baovao kely indrindra aza. Ny moslimo dia izay tsy mitokoa afa-tsy ny marina. Ny fitsipika faharoa dia mitsimbina ny moslimo, amin'ny lafiny iray, amin'ny fifanoherana, ary amin'ny lafiny hafa, amin'ny fanoharana mifanohitra amin'ny mahazatra. Ny fandalàna amin'ny fifotorana amin'ny saina dia tsy manondro ny fahambonian'ny saina amin'ny fanambarana avy amin'Andriamanitra akory, fa manilika kosa izay mety fifanoherana fototra amin'izy roa ireo. Ny fandalàna ny fifotorana amin'ny saina dia manadihady tsy an-kijanona ireo tonon-kevitra mifanohitra, sady mihevitra hatrany, eo anilan'izany, fa azo antoka ny fisian'ny endri-javatra tsy hitan'ny famotopotorana, izay, raha raisina, dia mety hampisongadina ilay fifandraisana tsy mirindra. Mitovy amin'izany, ny fandalàna ny fifotorana amin'ny saina dia manosika ny mpamaky (fa tsy ny fanambarana avy amin'Andriamanitra) hijery fandikana vaovao raha mitranga ny fisiana hevitra mampiroaroa saina na

manjavozavo mety tsy takany, izay, rehefa averina fotopotorana indray mandeha, dia mety hamafa ilay noheverina ho fifanoheran-kevitra. Izany filana ny fampiasana ny fandalana ny fifotorana amin'ny saina izany na fahatakarana dia mety ho tonga amin'ny fampandrindrana, tsy ny fanambarana amin'ny maha izy azy (ity farany dia tsy azon'ny fanandraman'ny fikirakiran'ny zanak'olombelona), fa ny fandikan'ny mpino moslimo sy ny fiheverany ny fanambarana avy amin'Andriamanitra.

Izany filana ny fampiasana ny fandalana ny fifotorana amin'ny saina izany dia manova ny fahatakarany ny hafatr'Andriamanitra ary manova azy hifanaraka amin'ireo porofo rehetra hitan'ny saina. Ireo marary saina ihany no hany malaky manaiky ny mampitombina ny fanoheran-kevitra sy ny fanoharana milaza fifanoherana. Ny mpino moslimo manan-tsaina dia olona mandala ny fifotorana amin'ny saina, raha tany ity ka tsindriany mafy ny amin'ny maha iray ny loharanon'ny marina roa: ny fanambarana sy ny saina.

Ilay fitsipika fahatelo, izany hoe ny fisokafana amin'ny porofo vaovao sy / na mifanohitra, dia miaro kosa ny mpino moslimo amin'ny fironana amin'ny hevitra ara-bakiteny, ny fitompoana mihoa-pampana ny hevitra iray, sy ny tsy fisiana fivoarana, izay mety hitondra amin'ny firaiketana tsy mahasoa amin'ny hevitra iray. Io fitsipika io dia manosika azy hanana fanetren-tena ara-tsaina, ary manery azy hanampy amin'ny filazany hevitra sy ny fiteniny ny hoe "Andriamanitra no mahay kokoa", satria ny mpino moslimo dia resy lahatra fa ny marina dia manan-danja kokoa raha oharina amin'izay mety ho takany.

Amin'ny fitokoavany ny maha Isa fa tsy roa an'Andriamanitra, ny *tawhid* dia milaza ihany koa ny maha iray ny marina. Amin'ny Islam, Andriamanitra no Marina ary ny maha iray azy dia mifanojo amin'ny maha iray ny loharanon'ny marina. Andriamanitra no Mpamorona ny voahary, ary avy aminy ny zanak'olombelona no mahazo ny fahalalany. Ny fototry ny fahalalana dia mifanojo arak'izany amin'ny amin'ireo drafitry ny voahary, izay asan'Andriamanitra rahateo koa. Azo antoka

fa fantatr'Andriamanitra ireo drafitra ireo, satria Izy no Mpamorona azy; ary tena azo antoka toy izany koa fa Izy no Loharanon'ny Fanambarana. Omeny ny zanak'olombelona ampahany amin'ny Fahalalany, nefa ny Fahaizany kosa dia mijanona ho ambony dia ambony sady mahasahana izao tontolo izao. Andriamanitra dia tsy mba tsy azo itokiana na misompatra: ny tanjony dia tsy ny hahavery lalana na hitondra amin'ny hevitra diso. Izy koa tsy mba manova ny fitsarany tahaka ny fanaon'ny olombelona rehefa manavao ny fahalalany izy ireo, ny finiavany na ny fanapahan-keviny. Tonga Lafatra Andriamanitra sady mahalala ny zavatra rehetra: tsy manao fahadisoana Izy; raha tsy izany, tsy Ilay Andriamanitra Ambony dia Ambony Indrindran' ny Islam Izy.

Ny arivotaona voalohany Talohan'ny Nahaterahan'i Jesosy Kristy (TNK): vanim-potoana nisian'ny fanjakana tokana sy korontana tsy nahitana fikatsahana zavatra tonga lafatra. Nandritra ny arivotaona voalohany TNK, ny tontolon'ny firenena arabo dia sehatra nahaterahana sy firodanan'ny fanjakana lehibe dimy: ny asiriana, neo- babiloniana, persiana, grika, ary romana. Tsy nisy na iray aza tamin'ireo fanjakana roa ambin'ny folo tamin'io faritra no nihevitra ho nanana iraka ho tontosaina.

**Ny fanjakanan'ny Emperora Aleksandra Lehibe.**

**Fananiham-bohitra tao amin'ny faritry ny Tsinambolana Lonaka tamin'ny 334,**

**Siria-Palestina tamin'ny 333, Meizopotamia, 331 TNK,**

**Fanjakan'ny Makabe 142-13 TNK,**

**Fanjakana lehiben'ny parta 250-174 TNK**

**Fanjakana lehiben'ny sasanida Empire 227 TNK – 640 (Aorian'ny**

**Nahaterahan'Kristy (ANK))**

**Fanjakana lehibe vaovao egiptiana Fidirana an-keriny tao Siria-Megido 1468 TNK,**

**Ogarita sy et Hamata 1431 TNK**

**Beitshana sy Biblosa 1303 TNK**

**Kanana fanjakana filistina 1200-721 TNK**

**Fanjakan'i Davida 1000-922 TNK**

**Isiraely 922-721 TNK**

**Fanjakan'i Joda 922-587 TNK**

**Fanjkana lehibe asiriana Fanitarana: Siria, Isiraely 853-721 TNK;**

**Egipta, 671 TNK**

**Avy eo Assoan ka hatrany amin'ny ranomasina kaspiana, 671-597 TNK**

**Tadimora 25 TNK – 271 ANK**

**Petiran'ny Nabateana 400 TNK – 106 ANK**

**Hatara 50 TNK – 241 ANK**

**Fanjakana lehibe romana Firodanan'i Jerosalema sy Masada 70-73 ANK**

**Fandravana an'i Jerosalema nataon'i Antiosha 133 ANK**

**Fanjkana lehibe ashemenida 539-334 TNK**

**Firodanan'i Asora, i Ninive, i Erbil ary i Harana tamin'ny 547 TNK**

**Firodanan'I Babilona tamin'ny 539 TNK**

**Didin'i Cyrus Lehibe tamin'ny 538 TNK**

**Fanjakana lehibe babiloniana vaovao 612-539 TNK**

**Fakana an-keriny an'i Iraka, 612 TNK**

**Fakana an-keriny an'i Siria, 587 TNK**

**Fakana an-keriny an'i Egipta, 568 TNK**

**Fanjkana lehibe maneran-tany nanomboka tamin'ny 568 ha hatramin'ny 539 TNK.**

**ATSIMO ANDREFAN'I ARABIA.**

**Fanjakana Mineana: taonjato faha- IV TNK – taonjato voalohany ANK**

**Fanjakan'i Saba: taonjato faha-VIII TNK – taonjato faha-VI ANK**

**Kataban: taonjato faha-VII TNK – taonjato voalohany ANK**

**Asoana: taonjato faha-V TNK – taonjato voalohany ANK**

**Fanjakan'i Hadramaota: taonjato faha-V TNK – taonjato faha-IV ANK.**

**NY FAHALEFERANA** – Amin'ny maha lohahevitra momba ny haifandaminana azy, ny fahaleferana dia ny fanekena ny toe-java-misy mandra-pahatongavana amin'ny fanaporofoana fa diso izany toe-java-misy izany. Noho izany, ny fahaleferana dia mifanaraka amin'ny haitsikerafahalalana. Dia mbola mifanaraka amin'ny fitandrovana ny mahavanona koa izy, amin'ny maha lohahevitra manosika amin'ny fanekena izay lalaina azy, mandra-pahatongavana amin'ny fahitana fa tsy ilaina indray izy. Ilay voan-kevitra voalohany dia atao hoe *sa'ah* (fisokafana), ary ilay faharoa, *yosr* (mahamora): izy roa ireo dia miaro ny mpino moslimo amin'ny fiolonolonana sy ny firaiketana amin'ny fanao lany andro mahadonto, ary mamporisika azy hisokatra amin'ny

fiainana sy ny fanandramana zava-baovao. Izy ireo dia manosika azy ihany koa hanadihady ireo zava-misy vaovao, amin'ny fampiasana ny sainy amin'ny fomba feno fahamalinana, ary manao ezaka manatsara zavatra, mba hampanan-karena ny fiainany sy ny traikefany, ary mitondra anjara biriky amin'ny fandrosoan'ny kolotsainy sy ny sivilizasiony.

Amin'ny maha lohahevitra momba ny haifandaminana azy eo anivon'ny maha izy rano iray ny sivilizasiona islamika azy, ny fahaleferana dia ny faharesena lahatra fa Andriamanitra dia nifidy iraka mpitondra hafatra iray teo anivon'ny zanak'olombelona, andaniny, mba hampianatra azy ireo fa tsy misy Andriamanitra hafa ankoatr'Azy, ary manana adidy hivavaka Aminy sy hanompo Azy izy ireo, ary ankilany, hampitandrina azy ireo amin'ny ratsy sy ny fiandohany. Amin'izay lafiny izay, ny fahaleferana dia miorina amin'ny fahazoana antoka fa ny olombelona rehetra dia notaovana fahatsapana iombonana izay hahavitan'izy ireo mamantatra ilay fivavahana tena izy, sy manavaka ny sitrapo sy ny didin'Andriamanitra. Izy dia mbola ny faharesendahatra ihany koa, fa ny fahasamihafan'ny fivavahana dia avy amin'ny singa mampisy ara-tantara manan-danja lehibe, avy amin'ny fepetra ara-toerana sy ara-potona, avy amin'ny fahavoazana, avy amin'ny fahamaimaizana sy tombon-tsoan'isam-batan'olona. Na izany aza anefa, ao andamosin'io fahasamihafana araky ny foto-pinoana io, dia mitoetra ny finoana ny fisian'Andriamanitra tokana madiodio, izay ahaterahan'ny olombelona rehetra, alohan'ny hisian'ny kolotsaina manova, manosika azy ireo mankamin'ny foto-pinoana hafa iray. Ny fahaleferana dia mitaky amin'ny mpino moslimo ny hianarany ny tantaran'ireo fivavahana, kendrena amin'izany ny hahitana zava-baovao ao amin'ny tsirairay amin'izy ireny, dia ny fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra tany am-piadohana, dia ilay nandidiana ireo mpaminany, tamin'ny fotoana rehetra ary manerana izao tontolo izao, hampianariny ny olona rehetra, araky ny baikon'Andriamanitra.

Eo anivon'ny foto-pinoana iray, (ary sarotra ny amisavisana izay mety hanana anjara toerana lehibe nohon' ny azy eo amin'ny fifandraisan'ny

samy olona), ny fahaleferana dia manova ny fifandonana sy ny tsikera eo amin'ny fanompoa-pivavahana samy hafa ho lasa fandalinana ara-tsaina sy iombonana ny fiforonana sy ny fivoaran'ny fivavahana, mba hanavahana ny fanambarana avy amin'Andriamanitra tany am-piandohana amin'ny singa nampiana teny am-pandehanan'ny tantara. Eo anivon'ny sehatry ny haifahamendrehana, ilay saha lehibe, ny *yosr* (ny mahamora) dia miaro ny mpino moslimo amin'ireo fironana izay manaratsy izao tontolo izao, ary taovina ilay fanantenana ny tsara ilaina izy mba hiarovana ny fahasalamany sy ny fahafahany mandanjalanja, sy mikajy nyfananany saina mahay mandrefy ny rariny, na dia eo aza ny zava-doza sy ny fijaliana manjo ny zanak'olombelona. Nampanantena ireo zavaboahariny Andriamanitra « (fa) eo anilan'ny hasarotana, dia misy, tokoa, hamorana ». Satria Andriamanitra nandidy azy ireo hamotopototra ireo tolo-kevitra misy rehetra, sy hanamarina ny maha azo antoka azy ireny, alohan'ny ilazany ny heviny, ireo "*oussouliyyoun*", ireo manampahaizana momba ny fomba mahazatra fandraisana ny lalàna moslimo, dia nampiasa ny fanaovana fanandramana, alohan'ny hamaritana, raha tsara na ratsy ny zavatra iray izay tiana ho azo, tsy mifanohitra amina baiko mihariary tsy iadian-kevitra avy amin'Andriamanitra.

Ny *sa'ah* sy ny *yosr* dia mipoitra mivantana avy amin'ny *tawhid,* amin'ny maha lohahevitra momba ny hainifotopisiana azy momba ny fitondran-tena. Andriamanitra, Izay nahary ny olombelona ho tokony afaka hanaporofo ny fahamendrehany amin'ny alalan'ny asany, dia namolavola azy hisitraka fahalalahana sy afaka ho am-piandohana asa tsara fiantraika sy fiovana lehibe eto amin'izao tontolo izao. Araky ny vina islamika, ity fisantaran-kevitra ity no anto-pisian'ny olombelona.

**Ny saka momba ny votoatiny.**

Ny *tawhid* no lohahevitra voalohany momba ny hainifotopisiana. Ny fijoroana ho vavolombelona fa tsy misy andriamanitra hafa ankoatr'Azy Andriamanitra dia midika ho filazana fa Izy no hany Ilay Mpamorona tokana, am-piandohan'ny fisian'ny zavatra tsirairay. Izy no fara antom-pisiana isaky ny zava-mitranga, sady farany tena

farany ho an'ny misy rehetra: Izy noho izany no Ilay Voalohany sady Ilay Farany. Raha mijoro ho vavolombelona an-kalalahana amin'izany ny olombelona, sy amin'ny faharesena lahatra, sady mahatsapa tsara tanteraka ny vokatr'izany, izany dia midika fa fantany fa ny manodidina azy rehetra sy izay rehatra mitranga eo amin'ny sehatry ny voajanahary, ny fiaraha-monina na ny fanahy dia asan'Andriamanitra, sady fampivainganana ny iray amin'ireo tanjony. Manomboka izy azo, dia lasa toetra raiki-tapisaka voajanahary ho an'ny olombelona izany fahalalana izany, tsy azo sarahana aminy, raha tany ity ka am-pifohazana koa izy. Manomboka amin'io fotoana io, dia io vina io no mamaritra ny fiainan'ny zanak'olombelona manontolo. Rehefa mahalala ny didy sy ny asan'Andriamanitra ao amin'ny zavatra tsirairay sy isaky ny zava-mitranga ny olombelona,dia misafidy ny hametraka ny fitokisany amin'ny sitrapon'Andriamanitra izy, satria avy amin'Andriamanitra izany. Ny siansa momba ny zavaboahary dia tsy inona akory fa fahalianana mibanjina fotsiny ihany ity sitrapo ity ao amin'ny voahary, izay mifanojo amin'ireo lalàna tafatoetra izay nomen'Andriamanitra azy. Ny siansa momba ny olombelona sy ny an'ny fiaraha-monina, izy ireo kosa, dia mifanojo amin'ny fanajana ny fikasan'Andriamanitra eo amin'ny fiainan'ny isam-batan'olona sy eo amin'ny fiaraha-monina. Raha fisehoan'ireny lalànan'nyvoahary ireny tokoa izao tontolo izao, izay vokatry ny sitrapon'Andriamanitra sy ny didiny, izy koa, dia mbola sehatra ho an'ny fiainana, hetsehin'ny sitrapon'Andriamanitra fotsiny ihany koa, eo imason'ny mpino moslimo. Io sehatra io sy izay rehetra ao anatiny dia azo azavaina araka ireo rijan-teny voalaza ireo. Ny maha isa fa tsy roa an'Andriamanitra dia midika fa Izy irery no anto-pisian'izao rehetra izao.

Ny *tawhid* dia maha tonga amin'ny tsy maintsy fanaisorana izay mety ho fahefana misehatra amin'ny voahary afa tsy ilay an'Andriamanitra: ny fahefan'Andriamanitra tsy manam-petra dia miseho amin'ny lalàna tsy miova ny voahary. Noho izany, io lohahevitra io dia mandà ihany koa izay mety ho fikasana hita maso amin'ny voahary, avy amina hery hafa noho ny an'ny voahary, toy ny majia, ny ody ratsy, ny fanahy tsy hita maso, sy izay mety ho voan-kevitra mihoatra ny voahary, avy amina fidirana an-tsehatra fahatany amin'ny lalana fizoran'ny voahary,

ary izany, na iza na iza ilay mpanelanelana. Noho izany, ny *tawhid* dia mitarika amin'ny tsy fampidirana ny voahary amin'ny fahefampivavahana; izany rahateo no tena fepetra voalohany amin'ny siantsa momba ny voahary. Amin'ny alalan'ny *tawhid* no nanasarahana ny voahary tamin'ireo andriamani-tsy izy sy ireo fanahy tompoin'ny fivavahan'olon-dia fahagola. Ny *tawhid* no voalohany nahafahan'ny fanahy liana amin'ny fivavahana, tany am-boalohany miseho amin'ny anganom-pivavahana, nitroatra, ary ny siansa momba ny voahary sy ny sivilizasiona nandroso, niaraka tamin'ny tombontsoa azo avy amin'ny vinan'ny fivavahana izay nandrava tanteraka izay mety ho fampifangaroana ny masina amin'ny voahary. Ny *tawhid* dia mifanohitra amin'ny finoanoam-poana sy ny anganom-pivavahana, ireo fahavalo anankiroa ho an'ny siantsa momba ny voahary sy ny sivilizasiona, satria ny tawhid no manambatra ny rohy rehetra momba ny anto-pisiana ary mampifandray azy ireo amin'Andriamanitra, fa tsy amin'ny hery maizina miafina akory. Ny herin'ny antom-pisiana mampihetsika ny zavatra tsirairay dia mahaforona tady mpandrohy mampifandray singa samy hafa araky ny antom-pisiana (izany hoe araky ny sendrasendra). Ny antony mahatonga an'io tady mpandrohy io mankany amin'Andriamanitra amin'ny farany, dia midika amin'ny fomba tsy azo ialana fa tsy misy avy ivelany hery na iray aza manakorontana ny fahefany mitondra antom-pisiana na ny fahefana mitondra fahombiazana. Izany dia hahafahana ihanykoa mihevitra fa ny rohy mampifandray ireo lafy samihafa dia miorina amin'ny antom-pisiana, ary tsy maintsy hadihadiana izy ireny, ary voamarin'ny porofo miseho lany.

Ny antony mahatonga ny lalànan'ny voahary ho ilay drafitra tsy haihalain-tahaka nataon'Andriamanitra, dia midika fa Izy Ity dia mandrary ny rohin'ny voahary amin'ny alalan'ny antom-pisiana. Ny drafitra iray dia tsy mety ho voaforona afa tsy amin'ny zava-misy entin'ny fototra iray ihany: ity tsy fiovaovana ao amin'ny antom-pisiana ity indrindra no mahatonga ny fandinihana azy sy ny fahitana azy(izany hoe ny siansa momba azy) ho azo atao. Ny siansa dia tsy hafa tsy, ary tsy mihoatra ilay fikatsahana izay fototra izay indrindra, averin'ny voahary, satria ireo rohin'ny mahafototra mamorona ilay

rohin'ny maha fototra no raisina ao anatin'ny rohy mampifandray hafa. Ny mandraikitra azy ireo dia midika fametrahana ny lalànan'ny voahary, ary ity dingana ity no ilay singa takiana mialoha amin'ny fametrahana ny herin'ny maha fototry ny voahary ho eo ambanin'ny fanamarinana sy ny haitao, ireo fitaovana roa eo am-pelatanan'ny olombelona hisitrahany ny voahary.

## NY *TAWHID*: LOHAHEVITRA VOALOHANY MOMBA NY HAIFAHAMENDREHANA

Araky ny lohahevitry ny *tawhid*, Ilay Andriamanitra Safatsiroa dia namorona ny olombelona amin'ny endrika tsara indrindra mba hivavahany Aminy sy hanompoany Azy. Izany dia midika fa ny fisian'ny olombelona eto an-tany dia manana ho tanjona ny fankatoavana an'Andriamanitra sy ny fanatanterahana ny didiny. Ny *tawhid* dia mitokoa ihany koa fa io tanjona io dia miorina amin'ny iraka izay nampiandraiketana ho tanaterahin'ny olombelona eto an-tany amin'ny anaran'Andriamanitra. Araky ny Boky Masina Kor'any, Andriamanitra dia nametraka tamin'ny zanak'olombelona adidy be voninahitra ho tandremany, izay, na ny lanitra na ny tany, dia samy tsy nahasahy nandray, sady nandosiran'izy ireo tamin-tahondra be. Io adidy be voninahitra avy amin'Andriamanitra io dia ilay fanatanterahana ilay ilany mahakasika ny fitandrovana ny fahamendrehana ny amin'ny sitrapon'Andriamanitra, izay ny maha izy azy mihitsy aza dia mitaky ho tontosaina amim-pahafahana tanteraka. Nefa tokoa, ny olombelona no hany ilay zava-boahary afaka manatanteraka ny zavatra toy izany. Rehefa maka endrika noho ny maha tsy maintsy ilaina ny lalàna voajanahary azy ny sitrapon'Andriamanitra, izany fampivainganana izany dia tsy miankina amin'ny fitsipi-pitondran-tena, fa tsotra sy araky ny anjara asa kosa. Ny olombelona ihany no notolorana ny fahafahana mampivaingana io sitrapon'Andriamanitra io na tsia. Ity fisahanana ny fahafahan'ny olombelona ny amin'ny fankatoavana ny didin'Andriamanitra ity no manome lafiny ara-pitsipi-pitondran-teana ny fanatanterahana ny baikon'Andriamanitra.

Ny *tawhid* dia manohana fa tsara sady tranom-pahendrena Andriamanitra: tsy ny hahasasa-poana na ny fahafinaretana ny hanao izany ihany no namoronany ny olombelona. Tamin'ny nanomezany azy retsipamantarana, saina sy halalintsaina, no nanorotoronany azy tamin'ny fomba tonga lafatra (nofofonany tao aminy sombiny

amin'ny Fanahiny), mba hanomanany azy hanatontosa ilay anjara asany lehibe.

Ity asa tsy maintsy vitaina lehibe nankinina tamin'ny olombelona ity no am-piandohan'ny famoronana ity farany: izy no mahaforona ilay tanjona faran'ny fisian'ny olombelona, ary koa ny famaritana sy ny dikan'ny fiainany sy ny maha misy azy eto an-tany. Noho ny aminy, dia mitana anjara asa manerana izao rehetra izao tena lehibe tokoa ny olombelona. Tsy ho lasa izao izy izao izao rehetra izao raha tsy tao ity anjara ambony ny sitrapon'Andriamanitra ity izay fototry ny ezaka ara-fitsipi-pitondran-tenan'ny olombelona.

Tsy misy zava-boahary na iray aza manerana izao tontolo izao afaka maka ny toeran'ny olombelona amin'io anjara asa io: ny zanak'olombelona no hany lalana tokana izay nahafahan'ny lafiny ara-pitsipi-pitondran-tena (noho izany ambony) ny sitrapon'Andriamanitra miditra ao anatin'ny tontolon'ny habaka sy fotoana ary miditra ho ampahan'ny tanatara.

Ny maha tompon'andraikitra na ny maha voadidy (*taklif*) notataovana ny olombelona irery dia tsy misy fetra: mivelatra amin'izao tontolo izao manontolo izy. Eny tokoa, ny zank'olombelona manontolo dia eo ambanin'ny asa ara-pitsipipi-tondran-tenan'ny olombelona; ny tany aman-danitra no kianjan'ny asany sy fitaovany. Izy no tompon'andraikitry ny izay rehetra mitranga ao amin'izao tontolo izao, satria ho azy, ny *taklif* dia maha voadidy mahasahana izao rehetra izao, izay tsy hifarana raha tsy amin'ny Fitsarana amin'ny Andro Farany.

Ny diny islam dia mampianatra antsika fa ny *taklif* no mahaforona ny fototra, ny dika sy ny votoatin'ny maha olombelona ny olombelona. Amin'ny fanekeny io enta-mavesatra io, dia mitana toerana ambony hatramin'izao ny olombelona raha oharina amin'ny zava-boahary hafa sisa, eny na amin'ny anjely aza, satria izy irery no hany afaka misahana andraikitra toy izany: izany no mahatonga azy ho zava-dehibe amin'ny izao rehetra izao. Antsana lehibe no mampisaraka ny fanondrotana ny maha olona voizin'ny diny islam amin'ireo endrika

hafan'ny fanondrotana ny maha olona. Ohatra, ny sivilizasiona grika dia tany am-piandohana hetsika lehibe fanondrotana ny maha olona izay nakan'ny tontolon'ny tany tandrefana hevitra hatramin'ny vanintaona faha Fihavaozana tany Eoropa. Ny fanondrotana ny maha olona grika dia nanandratra ny olombelona ho toy ny andriamanitra mbamin'ny fahazaran-dratsiny, niorina tamina fianonana amin'ny voahary be loatra. Izany no antony nahatonga ny Grika tsy nahita izay naharatsy ny amin'ny andriamanin-tsy izyn'izy ireo mifampioko, Mahavita mijangajanga na mivady amin'olom-pady, mangalatra, mandaroka, mialona na mamaly faty. Noho ny maha an'ny votoatin'ny fiainan'ny olombelona azy ireny, ireny asa sy fahamaimaizana ireny dia noheverina fa tena voajanahary koa, toy ny fahalavorariana sy ny hatsaram-panahy. Tahaka ny voahary, izy ireny dia noheverina fa an'andriamanitra, mendrika ny mahaliana ny mibanjina azy, amin'ny endriny tsy misy finoana an'Andriamanitra, sy hivavahana sy halain'ny olombelona tahaka, ary ireo andriamaniny ireo dia tsy inona akory fa olombelona ihany nasandratra ho andriamanitra. Any amin'ny mifanohitra amin'izany, nandrita ny fotoana namolavolana azy, ny fivavahana kristiana dia namaly io fanondrotana ny maha olona grika-romana io tamin'ny alalan'ny fisafidianana foto-pahalalana mifanao atsimo sy avatra aminy, tamin'ny alalan'ny fanaovana tsinontsinona ny olombelona tamin'ilay lazaina ho « fahotana hatrany am-piandohana », sy tamin'ilay fitokoana fa ny olombelona dia « voahary very hasina », « *massa peccta* » (sombina tsy madio).

Raha tsy maintsy mitafy nofo Ilay Andriamanitra Tsitoha, sy tsy maintsy mijaly sy ho maty ho vidin'ny tsy fanarahana fitsipi-pitondratenan'ny olombelona, ny mampietry ny olombelona mba hanaovana azy ao anaty toe-pahotana mangitsokitsoka, mahahenika izao tontolo izao sady avy any am-bohoka, tsy hahatafavoaka azy na oviana na oviana, dia fepetra mialoha miharihary. Raha lazaina amin'ny teny hafa, raha tsy maintsy hisy fanavotana mandalo amin'Andriamanitra, dia tsy maintsy misy fahoriana izay tena ho ambony dia ambony ka Andriamanitra irery no hany afaka hanavotra ny olombelona. Ka izany no nanaovana ho tena ambony ny tsy fahadiovan'ny olombelona mba hanamarinana ny fanombohana

an'Andriamanitra teo amin'ny hazo fijaliana. Raha ny aminy indray, ny hendoisma dia nanasokajy ny olombelona ao anaty firazanana manao an-tana tohatra, ary nametraka ny maro anisa amin'izy ireo any amin'ny farazanana ambany indrindra. Ireny olona ambany firazanana ireny dia nantsoina hoe « tsy azo kasihana », raha karana izy ireny, ary *malitcha* (tsy madio ara-pivavahana na nifindran'aretina), raha vahiny fiaviana. Ho an'ireny olona ireny, tsy misy fiakarana ho any amin'ilay firazanana ambony na mananjara'ny brahamanana iray aza azo heverina amin'izao fiainana izao: izany fifindrana izany dia tsy azo sainina raha tsy aorian'ny fahafatesana, amin'ny alalan'ny fifindran'ny fanahy vatana. Amin'izao fiainana izao, ny olombelona dia tsy maintsy mijanona an'ilay firazanana izay nahaterahany, ary ny ezaka ataony eo amin'ny lafiny fitandroana ny maha vanona dia tsy hisy vokany amin'ny maha izy azy raha mbola velona koa izy. Farany, ho an'ny bodisima, ny zava-boahary rehetra dia ao anaty fijaliana sy fahantrana tsy misy farany, ao anatiny izany koa ny olombelona. Ny fisiana fotsiny aza dia ratsy, ary ny hany adidy manan-danja ho an'ny olombelona dia ilay fikatsahana ny fanavotana amin'ny alalan'ny fifehezan-tena sy ny fihezahana ara-tsaina.

Ny fanandratana ny maha olona indraindrain'ny *tawhid* no hany ilay tena izy. Izy ihany no manaja ny olombelona aminy maha izy azy, sy amin'ny maha zava-boahary azy, tsy mila manandratra azy ho andriamanitra na mampietry voninahitra azy. Izy irery ihany koa no mamaritra ny fahamendrehan'ny olombelona arakaraky ny hatsara-pitondran-tenany, sy manome azy toetra tsara raikitra mivaingana, dia ilay omen'Andriamanitra ny olombelona rehetra, mba hanomanana azy ireo hanatontosa ny anjara asan'izy ireo mendrika. Farany, ny *tawhid* ihany no mamaritra ireo hatsara-pitondran-tena sy ireo tarigetran'ny fiainan'ny olombelona, amin'ny alalan'ny votoatin'ny fiainana voajanahary, fa tsy amin'ny fanilihana azy. Arak'izany, sady manindraindra ny fiainana no manaraka ny fitsipi-pitondran-tena ny fanandratany ny maha olona.

# IV

# NY *TAWHID*: LOHAHEVITRA VOALOHANY AMIN'NY HAIHASIMPITONDRANTENA

Ny *tawhid* dia mitokoa fa Andriamanitra namorana ny zanak'olombelona mba ho afaka anaporofo ny hamendrehany ara-pitsipi-pitondrantena ny olombelona amin'ny alalan'ny asany. Andriamanitra, Ilay Mpitsara Faratampony sy Lehibe dia Lehibe, dia nampahafantatra ny olombelona fa tsy maintsy hadinina izy momba ny asany rehetra, ary hahazo valisoa izy noho ny asany tsara, sy ho saziana noho ny asany ratsy. Ny *tawhid* dia manohana ihany koa fa Andriamanitra dia nametraka ny olombelona eto antany, mba hahafahany mipetraka ao, izany hoe miriorio amin'ireo lalana eo aminy, mihinana amin'ireo voankazony, misitraka ireo zava-tsoa avy aminy sy ny hakantony, sy mampiroborobo azy miaraka aminy. Izany no atao hoe fitokoavana izao tontolo izao, izany hoe ny fanekena izao tontolo izao, satria izy madio sy tsara, ary noforonin'Andriamanitra izy, ho an'ny olombelona. Marina tokoa fa izao rehetra izao, ao anatin'izany ny masoandro sy ny volana, dia miasa ho an'ny tombontsoan'ny olombelona: ireo zava-boahary dia mahaforona lasitra iray, ao anatin'izany lasitra izany ny olombelona dia nantsoina hanatanteraka asa manaraka ny haifahamendrehana sy hampivaingana ny ilany ambony amin'ny sitrapon'Andriamanitra.

Ny isam-batan'olona dia tsy maintsy mamaly ny hetaheta iankinan'ny ainy. Ankoatr'izany, ny olombelona dia voadidy hampiroborobo ny firongoavana enti-manana ara-olombelona sahala aminy, mikendry ny hatrarana ny ambaratonga ambony indrindra mety ho tratra, mba araraotina ny hampandraisana anjara feno ny talenta voajanaharin'izy ireo. Izy dia voadidy ihany koa hanova ny tany ho lasa tanim-boankazo lonaka sy saha mahafinaritra. Izy dia afaka ihany koa mandinika ny masoandro sy ny volana, raha ilaina. Mazava loatra fa izy dia tsy maintsy mahita zava-baovao sy mahatakatra ny fomba fiasan'ny voahary sy ny toetra amam-panahin'ny olombelona sy ny fiarahamonina. Izy dia tsy

maintsy mampiroborobo ny tao-javabaventy sy mampandroso izao tontolo izao raha irariany ny hahita azy ho lasa toerana hanjakan'ny Tenin'Andriamanitra.

Izany fitokoavana an'izao tontolo izao izany no mamorona ireo singa, izay avy aminy no miforona ny sivilizasiona, mbamin'ny hery ara-piarahamonina ilaina amin'ny fitarany sy ny fandrosoany. Ny *tawhid* dia manohitra ny fiainana amin'ny tobim-pivavahana mitoka-monina, ny fitokana monina samirery, ny fanilihana izao tontolo izao, sy ny fanandratana ny fihafiana mafy. Na izany aza anefa, ny fitokoavana izao tontolo izao dia tsy midika akory ho fanekena tsy misy fepetra izao tontolo izao sy voahary amin'izao endriny izao. Raha tsy misy lohahevitra iray mandrindra ny ezaky ny zanak'olombelona, ny fitokoavana an'izao tontolo izao sy ny voahary, dia mety hifanohitra any aoriana, amin'ny fanosehana ny zanak'olombelona hikatsaka, amin'ny fomba tafahoatra, soa toavina iray, singa iray, hery iray na vondrona singa iray, tsy misy firaharahana ny hafa rehetra. Ilaina ny mampifandanja sy mifehy ny fizoran'ny lalan-tsain'ny zanak'olombelona, mba hahatongavana amin'ny fanatontosana tsara rindra ny soa toavina, arakaraky ny antanan-tohatra ana laharam-pahamehana iray izay azy ireo manokana, fa tsy ny hamehana, ny fahamaimaizana, ny risika, ny fifampifangaroan-javatra no avela hitari-dalana ny olombelona. Raha tsy misy izany fifandanjana izany, io fisantarana io dia mety haazo vokatra mamoa-doza na ankosotra; mety koa izy hampivoaka herin-devoly. Ny sivilizasiona grika, ohatra, dia nampifantoka ny fiezahany tamin'ny fikatsahana tanjona tsy misy afa-tsy ny an'ny tany: nitokoa izy fa izay rehetra misy eto amin'izao tontolo izao dia tsy maintsy tsara, noho izany, dia mendrika ny ho tsiriritina sy ho tanterahina. Noho izany, izay rehetra tsiriritina marina, dia mety araka izany, ho tsara, satria ny fitsiriritana amin'ny maha izany azy, dia madio, satria voajanahary. Ny fifanoherana voamarika eo anivon'ny voahary sy ny mety hitrangan'ny fifanipahana amin'ireo fikatsahana fahafinaretana samy hafa, na koa amin'ny singa voajanahary, dia tsy ampy nametrahana fisalasalana ny fotopahalalana grika. Tsy maintsy ekena ny ilana lohahevitra ambonin'ny fifehezan'ny voahary, izay manjaka amin'ny fironana sy

ny fitsiriritan'ny voahary rehetra, ary noho io filana io ny fifanoherana sy ny fahasamihafana ho azo azavaina. Na izany aza anefa, raha tokony niaky izany fahamarinana izany ny sivilizasiona grika, dia nampihibohan'ny hakanton'ny voahary, ary nandray ny fifaranan'ny fanandratana ny maha voahary tamin-doza be ho fivoahana tsy maintsy eken'ny saina. Hatramin'ny vanim-potoana faha Fihavaozana tany Eoropa, ny sivilizasiona tandrefana dia naneho fanajana lehibe tokoa ho an'ny tantara mampitaintaina. Ny fitiavana lehibe nasehony ho an'ny fanondrotana ny maha voahary dia nanosika azy nisafidy hevitra mihoa-pampana, sady mahafaoka ny voahary, fa tsy nandraikitra ny fitsipi-pitondran-tena ho fenitra fototra fampitahana ambonin'ny fifehezan'ny voahary. Ny olombelona tandrefana dia rafitra ady tamin'ny Egilizy sy izay nasehony, ary nihevitra fa afaka tamin'ny fanagejany noho ny fandrosoana ara-tsiansa. Noho izany, dia tena sarotra tokoa taminy ny hamolavola fitokoavana izao tontolo izao, na fanandratana ny maha voahary miaraka amin'ny fifamatorana noraisina ho fitsipika avy amina loharano mibahana an-tsaina mialoha, anarany fotsiny, sady lehibe dia lehibe. Raha ny fahabangan'izany fifamatorana izany no misy, ny fanondrotana ny maha voahary dia voatery hifanohitra anatiny, ary ho rendrika ao anaty ady an-trano tsy ahitam-bahaolana, ara- potopahalalana. Ny fianakaviambe olempiana dia tsy afaka niaina tao anaty firindrana ary voatery nandrava tena. Nanasa-poana ny azy ny fitokoavana izao tontolo.

**Fanjakan'ny Emperora Alexandre Lehibe.**

Ny fitsipi-pitondran-tena no miaro sy manamafy ny fitokoavana an'izao tontolo izao, mbahamokatra sivilizasiona mifandanja, mateza sy afaka hamelomaso ny tenany. Ny sivilizasiona tena izy dia tsy inona akory fa fitokoavana izao tontolo izao voarafitry ny fitsipi-pitondran-tena efa mibahana ao an-tsaina mialoha, ambonin'ny fifehezan'ny voahary, ka ny haren-tsaina raiki-tapisaka ao aminy dia tsy mankahala ny fiainana, izao tontolo izao, ny fotoana, sy ny saina. Ny *tawhid* ihany no hany fotokevitra fantatry ny olombelona, izay manolotra fitsipi-pitondran-tena toy izany.

# V

# NY *TAWHID*: LOHAHEVITRA VOALOHANY MOMBA NY « FANANDRANTANA NY FIARAHA-MONINA AM-PIANAKAVIAMBE ».

Ny *tawhid* dia mamerina ity andininy amin'ny Boky Masina Kor'any manaraka ity:"Ity Fianakaviambem-pivavahana izay anareo ity dia fianakaviambe iray tsy misy toa azy, ary Izaho no Tomponareo. Mivavàha ary amiko ianareo". Araka io lohahevitra io ihany, ny mpino dia mahaforona fihavanambe, izay ny mpikambana ao aminy mifankatia, mizara ny fitiavana an'Andriamanitra, ary mifanome hevitra ny amin'ny hanaovana ho lahasa ny fanaovan-tsoa sy hanana faharetana. Voatambatra manodidina ny fifamatorana izay mampiray azy ireo amin'Andriamanira, izy ireo dia mifankahery sy mandidy hanao ny tsara, ary manameloka ny mahavoatsiny. Farany, izy ireo dia mankato an'Andriamanitra sy ny Mpaminaniny Muhammad ﷺ

Manana vina ny "*oumma*", fihetseham-po, finiavana sy asa iray isa. Ity fianakaviambem-pivavahana ity dia fiombonambe ana zanak'olombelona mampivondrona fifanekena ana telotoko an'ny saina amam-panahy, an'ny fo, sy an'ny sandry. Ity fifanarahana ity dia miseho lany amin'ny fisainana, ny fanapahan-kevitra, ny fitoetra, ny fihetsika, sy ny asan'ny mpino moslimo. Ity fihavanambe eran'izao rehetra izao ity dia tsy voafaritry ny volon-koditra, na ny maha an'ny foko iray: eo anivony, ny zanak'olombelona dia mitovy ary ny maha olom-banona azy dia tsy refesina afa tsy arakaraky ny fatahorany an'Andriamanitra. Raha mahazo fahalalana vaovao ny iray amin'ireo mpikambana ao aminy, ny adidiny dia ny mizara izany amin'ny hafa. Torak'izany ihany koa, raha misy ny iray amin'izy ireo mandiby toerana ao amin'ny orin'asa iray, voadidy izy hanampy ny hafa hanao izany.

Arak'izany, dia tsy misy *tawhid* raha tsy misy oumma. Ity farany no ilay fitaovana ho an'ny fahalalana, ho an'ny haifahamendrehana, ny sata fahaiza-mitondra ny olombelona eto an-tany, sy ny fitokoavana an'izao tontolo izao. Ity fiombonambe eran'izao rehetra izao ity dia mahasahana koa ny tsy mpino. Izy dia rafitry ny fandriampahalemana, "pax islamica", misokatra lalandava amin'ny lehilahy sy ny vehivavy izay manaiky ny lohahevitry ny fahafahana manaporofo ny Marina, sy miaky azy, izay mikatsaka koa fandaminana an'izao tontolo izao, izay ifamezivezen'ny hevitra, ny vokatra, ny harena, sy ny olombelona an-kalalahana.

Ny pax islamica dia fandaminana an'izao tontolo izao mahasongona lavitra ny Firenena Mikambana, ity santatra vao haingana ity izay voasakatsakana sy voavadika ny maha izy azy, noho ny lohahevitry ny Fanjakana-firenena, sy ny fanjakazakan'ny "fanjakana matanjaka", voankevitra roa izay misy ao aminy. Ireo voankevitra ireo, raha ny lafiny avy aminy, dia miorina amin'ny " fiandrianam-pirenena", raha ny amin'ny endrika nivoarany tao anatin'ny fotokevitra eoropeanina, hatramin'ny vanim-potoana faha Fanatsarana, sy ny nanjavonan'ny filamatr'ilay fianakaviambe an'izao rehetra izao izay nampanantenain'ny Egilizy hatreo, tsy amin-kafanampo be loatra. Ny fiandrianam-pirenena dia miorina amin'ny fanankinana amin'ny tsy fahatomombanana ara-pahalalana momba haihasimpitondrantena sy ny haifahamendrehana.

Nety ho fahombiazana ny fiombonamben'ny Firenena Mikambana raha nahavita nisalotra io anjara asa tsy mahafinaritra io izy, izay mifototra amin'ny fisakanana sy fampijanonana ny ady amin'ny Fanjakana mpikambana. Na izany aza anefa, na dia mitranga aza ny fifanolanana, ity fandaminana ity dia tsy mahefa na inona na inona raha ny marina, noho izy tsy manana tafika, raha tsy manaiky hanome iray ireo "fanjakana matanjaka", amin'ny fotoana manokana voafetra. Teo ambadik'izany, ilay fandriampahalemana islamika dia norongoan'ny Mpaminany Muhammad ﷺ lalampanorenana tsy niovaova tao Madina dieny andro voalohan'ny Hajiry. Nampidirin'ny Muhammad ﷺ tao koa ny Jiosy tao Madina sy ny Kristiana tao

Najran, ary niantoka ny fiarovana ny maha izy azy ireo, sy ny andrim-pitondram-pivavahany, ny an'ny fianany ara-piaraha-monina, sy ny an'ny kolotsainy. Tsy nisy na iray aza lalampanorenana amin'ny tantara niaro ny vitsy an'isa tsara noho ny an'ny Fanjakana islamika. Nijanona nanan-kery ny lalampanorenan'I Madina tamina Fanjakana islamika samihafa nandritra ny taon-jato efatra ambin'ny folo, ary nahatohitra mpitondra jadona sy revolisiona isan-karazany, tao anatin'izany ny fananiham-bohitry ny Antemongolia.

Ny fianakaviambem-pivavahana moslimo dia fiombonambe izay sady maneran-tany no ara-piaraha-monina, ary izy no fototra iorenan'ny sivilizasiona islamika, ny singany izy dia tena izy ihany. Raha noraisin'izy ireo ho voasolotena ny sain'ny zanak'olombelona tamin'ny

vatatenan'I Hayy ibn Yaqzan sy ny lalana nodiaviny, ireo olon-kendry mpikaroka hevi-dalina dia nahita fa io olobe io dia nahatakatra, tamin'ny enti-manana avy amin'ny tenany ihany, ny marina momba ny diny islam sy ny *tawhid*, ilay maha izy rano iray azy. Tohin'izany, Hayy dia tsy maintsy namorona na nahita ny voankevitra *oumma*; izany no antony nahatonga azy nandrafitra sambo iray avy amin'ny vatan-kazo poaka aty iray, ary nirotsaka tao anaty ranomasimbe tsy fantatra, mba hahita zava-baovao, dia ilay *oumm*a, izay raha tsy nisy azy, ireo fahalalana rehetra nananana dia tsy nisy fifandraisana tamin'ny zava-misy. Raha fehezina, ny *tawhid* dia manana fifandraisana amin'ny voankevitry ny oumma.

# VI

# NY *TAWHID*: LOHAHEVITRA VOALOHANY MOMBA NY TAO KANTO

Ny *tawhid* dia midika fanilihana ny toetra an'Andriamanitra amin'ny sehatry ny voahary: izay mety ho zava-boahary dia tsy ambony dia ambony ary eo ambanin'ny lalanan'ny fotoana sy ny habaka. Na inona na inona ao aminy dia tsy mety ho Andriamanitra na an'Andriamanitra, na amin'ny fomba toy izao na toy iroa, indrindra indrindra amin'ny dikany momba ny haiolombelona, izay tsipahin'ny *tawhid*, ny maha izy rano iray ny fivavahana amin'Andramanitra Safatsiroa. Andriamanitra dia tena tsy mitovy mihitsy amin'ny zava-boahary sy ny voahary: noho izany Ambony dia Ambony Izy. Izy rahateo no hany tokana ambony dia amabony. Ny *tawhid* dia manohana ihany koa fa tsy misy ny toa Azy izy, ka noho izany, tsy misy maneho Azy. Tsy tratran'ny fampisehoana Izy, ara-pamaritana. Andriamanitra no Ilay Tsy mety ho antona tsindrim-panahy momba ny taokanto velively.

Ny fiteny hoe "traikefa momba ny taokanto" dia mandefa any amin'ny fahatsapana amin'ny alalan'ny retsimpamantarana ny maha izy rano iray voasaina mialoha, sady ambonin'ny fifehezan'ny voahary, misehatra tahaka ny lohahevitra raisina ho foto-pitsipik'ilay anton-javatra mahafinaritra jerena. Toy izao manaraka izao tokoa no tsy maintsy isehoan'ilay anton-javatra tinily: arakaraky ny fanantonany izany maha izy azy ranoiray izany, no mitombo ihany koa ny mahatsara azy. Amin'ny trangan'ny zava-boahary manan'aina toy ny zavamaniry, ny biby, ary manokana amin'izany ny zanak'olombelona, ny tsara dia izay manakaiky indrindra ity maha izy azy ranoiray voasaina mialoha ity; arak'izany, izay mety ho mpandinika mahavita

mamoaka hevitra dia mety hitokoa, ary tsy ho diso hevitra, fa ny voahary dia nifandrohy amin'ny fomba mazava, sady miseho lany ao amin'ilay anton-javatra mahatolagaga, ary koa, zavatra tsy fahita firy, ity farany dia maneho tokoa tokoa nykinasan'ny voahary navoaka. Ny haikanto dia mifototra amin'ny fahitana ny zava-baovaon'ny maha izy azy ranoiray ambon'ny fifehezan'ny voahary, mitoetra ao amin'ny voahary, sady manome endrina hita maso azy. Mazava loatra, ny haikanto dia sady tsy ny fankatahaka ny voahary, no tsy ny fampisehoana araky ny retsimpamantarana ny natura naturata (ny voahary natao ho voahary), izany hoe ireo anton-javatra izay ny " fanaovana azy ho voahary" na ny maha misy ara-voaha-janahary azy dia tomombana. Ny fanehoana amin'ny alalan'ny sary azo amin'ny fankantsary, dia mety misy ilana azy mba atao fanehoana tahirim-pahalalana, na hamaritana ny maha izy azy olona iray na zavatra iray, fa raha hoe sanganasa amin'ny haikanto, dia tsinontsinona.

Ny haikanto dia tsy maintsy miorina amin'ny tononkevitra hahita ao amin'ny voahary izay tsy silaka aminy, izay ambony dia ambony. Amin'izany ary, izay an'Andriamanitra ihany tokana mety ho ambony dia ambony. Ankoatr'izany, noho ity maha izy azy ranoiray ity, izay mahatonga fanombanana ambony ara taokanto ho tsara, sy raisina ho foto-pitsipika, ny mpandinika dia tsy mahatana ny tenany hahatsapa fihetseham-po mafana dia mafana. Izany rahateo no antony mahatonga ny zanak'olombelona ho tia izay tsara sy ho voababon'ny hatsarana. Rehefa mahatsikaritra ny hatsarana amin'ny maha voahary ny zanak'olombelona izy ireo, izany dia midika fa ilay maha izy ranoiray ambonin'ny fifehezan'ny voahary, sy voasaina mialoha an'ny zanak'olombelona dia nahatratra antana-tohatra ambony dia ambony. Izany no ntsoin'ny Grika hoe « tampony mendrika an'Andriamanitra » na ny fanovana ny olombelona ho andriamanitra. Ny zanak'olombelona dia mirona manokana amin'ny fivavahana amin'ny olona nahazo fiovana endrika aman-toetra toy ireny, sy amin'ny fiheverana azy ireny ho toy ny haka andriamanitra. Eo amin'ny tontolon'ny haifotopisiana, ny olona tandrefana dia tsy momba firy amin'ny voankevitra andriamanitra. Ho setrin'izany kosa, eo amin'ny tontolon'ny haifahamendrehana sy ny an'ny

fitondran-tena, ireo"andriamanitra" mipoitra avy amin'ny fanaovana ho filamatra ny fahamaimaizana, sy ny fironan'ny zanak'olombelona, dia anona mamaritra ny fitondran-tenany.

Izany no antony nahatonga, tao amin'ny Grika tamin'ny vanim-potoana Fahantaolo, ny haikanto fanehoana ireo haka andriamanitra, toy ny fanehoana ny tampony mendrika an'Andriamanitra ireo toetra mampihavaka, ny toetra na ny fahamaimaizan'ny zanak'olombelona amin'ny endrika hita maso, toy ny sary vongana, na tsy hita maso, amin'ny alalan'ny haisoratra, na ny fampisehoana an-dampihazo, no fitaovana fototry ny fikatsahana ny taokanto. Ireo zavatra aseho, izany hoe ireo haka andriamanitra, dia tsara, satria izy ireo no endrika natao ho filamatry ny tokony ho maha voahary ny zanak'olombelona. Ny hatsaran'izy ireo dia tsy manafina ny fifanolanan'izy ireo amin'ny andriamanitra hafa, satria indrindra noho izy ireo tsy inona akory fa anton-javatry ny voahary lasa lehibe dia lehibe, mba hanatrarana ny antanan-tohatry ny an'andriamanitra sy ny an'nyambonin'ny fifehezan'ny voahary.

**Ny fanjakana tao Ptolemaika**.

Tsy taiza akory fa tao Roma, sehatra nitrangan'ny fikororosiana fahana grika, no nihasimba ny haikanto tampony grika haisikotra, ka tonga hatrany amin'ny famoronana sarin'ny emperora samy hafa, vita ohatry ny tena izy, sy vokatry ny kisendrasendra. Na izany aza anefa, tsy ho azo natao izany raha tsy noho ny fanandratana ho andriamanitra ny emperora. Tany Gresy, toerana nampijanona nadio dia nadia tsy nisy pentina nandritra ny taon-jato maro ny fotopahalalana, ny fampisehoana an-dampihazo dia niara-niroborobo tamin'ny haisikotra, ka ny tanjona voafaritra mazava tamin'izany dia ny hanehoana ny fifanolanana tsy misy fahavitany eo amin'ny samy haka andriamanitra, sy manala sarona fifanesena zava-mitranga, izay naha tafiditra ireo olomanga samihafa. Ny tanjona ankapobeny tamin'izany dia ny hanehoana am-pahibemaso ny maha izy azy ny haka andriamanitra tsirairay, sy, na dia mahatsapa tsara ny toetra maha olombelona tafahoatra an'ireo haka andriamanitr'izy ireo aza izy ireo ,

ny mpijery dia nankafy ireny fampisehoana ireny, ary ny fifaranan'izy ireny amin'ny fomba mahatsiravina dia neverina fa nilaina sy tsy azo nialana. Ny maha tsy maintsy ilana azy izay no hahafahana manisy farany ny fanaintanana fotorany, sy manaisotra ny fahamelohana tsapan'ny mpijery, noho ny asan'izy ireo tsy manaraka ny fitsipi-pitondran-tena,"amin'ny alalan'ilay fitsaboana ny saina amampanahy amin'ny fampitsikafonana ho tsapa sy iainana", fahatsiarovna mety ho nihiboka. Izany no antony nahatonga ny haikanton'ny fampisehoana an-dampihazo mampangitakitaka, teraka sy natao ho lafatra tany Gresy, ho noheverina fa ny tampony tena tampony amin'ny haikanton'ny asa soratra. Tao anatina fotoana nampahitsy fo tsy fahita firy azy, ilay mpahay riban'ny tatsinanana Gustave Edmund von Grunebaum dia nitokoa fa tsy mba manana haikanto aseho an-tsary (haisikotra, haihosodoka, sy fampisehoana an-dampihazo), ny diny islam, satria izy dia tsy manana haka andriamanitra tonga nofo, na ao anatin'ny voahary, sy haka andriamanitra misehatra amina asa mifanohitra. Tamin'izany fanambarana izany, dia nandefa fanomezantsiny ny diny islam i Von Grunebau. Nefa io toetra mampihavaka io dia an'ny diny islam manokana: izy no hany fivavahana tokana tsy misy fanompoantsampy sy fampifangaroana ny voahary sy ny Mpahary. Na izany aza anefa, ity fitokoana ity dia marina, satria ilay izy dia manala sarona ny fifandraisana ety amin'ny haikanto maneho an-tsary, ny fivavahan'ny mpanompo sampy tamin'ny vanim-potoana Fahantaolo sy ny haifivavahan'ny fahatongava-nofo an'ny tontolo tandrefana.

Ny Jiosy dia nitokoa tany aloha fa ny maha ambony dia ambony an'Andriamanitra dia mampiala zay mety ho fahazoana mamokatra sary "voasokitra", ary, mba hankatoavana ity didin'Andriamanitra ity, dia nijanona nihataka ny haikanto an'ny maso izy ireo. Izy ireo no tany am-piandohan'ny zandrina sangan'asa sasantsasany teo ambany fanaingan'ny Egipta, ny an'i Gresy, ny an'i Roma sy ny an'ny faha fivavahana kristiana. Tamin'ny vanim-potoana moderina, ary havahana manokana, hatramin'ny fanafahana azy ireo tamin'ny faha Napoleona sy ny fifangaroan'izy ireo tamin'ny kolotsaina tandrefana, dia nialan'izy ireo ny toetra maha semita tany am-piandoana azy

ireo, ka lasa nanaiky ny fanandratana ny maha zava-boaharin'ny tandrefana.

Ny *tawhid* dia tsy manohitra ny fahakinga-mamorona eo amin'ny haikanto, na ny fisitrahana ny hatsarana. Mifanohitra amin'izany, midera ny hatsarana izy sady manandratra azy. Araky ny lohahevitry ny tawhid, Andriamanitra, ny Sitrapony sy ny Teniny no tonga nofo amin'ny fahatsarana lehibe dia lehibe. Noho izany, izy dia maporisika ny famoronana haikanto vaovao, mifandraika amin'ity vina ity. Miainga amin'ny lohahevitra fa tsy misy andriamanitra hafa ankoatran'Andriamanitra, ny mpiangaly kanto moslimo dia resy lahatra, fa tsy misy ao amin'ny voahary afaka mampiseho na maneho ny voankevitra Andriamanitra. Noho izany, tamin'ny alalan'ny fanehoana notsorina amin'ny fomban'ny haikanto, dia nalefany lavitra, arak'izay azo atao, ny anton-javatry ny voahary, nampanjary tsy ho fantatra intsony ity farany. Soa ihany fa noho izy, ny fanehoana notsorina amin'ny fomban'ny haikanto dia lasa fitaovan'ny fandavana, ary amin'ny alalan'izany no nanilihany ny singa momba ny voahary sy ny famoronana, ary, amin'ny fitsipahana ny maha voahary azy ireo, ny mpiangaly haikanto moslimo dia nahay naneho amin'ny endrika hita maso, ity fanambarana mandà manaraka ity: tsy misy andriamanitra afa tsy Andriamanitra. Ity *chahada* (fijoroana ho vavolombelona amin'ny finoana) an'ny mpiangaly moslimo ity dia mampiseho ny tsy fanekena ny maha ambony dia ambony ny voahary.

Nandeha lavidavitra kokoa ireo mpiangaly kanto moslimo. Ny fampidirana amin-kakingana zava-baovao dia niseho rehefa takatr'izy ireo fa ny mampiseho an'Andriamanitra amin'ny ankolaky ny voahary dia zavatra iray, ary ny maneho ny maha tsy azo tanterahina ny manao hosodoko Azy amin'io alalan'io fomba io ihany, dia zavatra iray hafa koa. Ny tanjona mendrika indrindra an'ny olombelona dia ny mahita tsikaritra fa Andriamanitra dia tsy azo aseho amin'ny fomba hita maso. Andriamanitra dia Ilay Ambony dia Ambony sy Ilay Tapitr'ohatra amin'ny lafatra: ny fiheverana Azy ho tsy azo aseho amina singa inona na inona, dia faharesena lahatra ny amin'ny maha ambony dia ambony ny toetrany sy ny Fahalehibeazany. Rehefa finaritra mijery

an'Andriamanitra izy, Andriamanitra ilay hany misy, hafa amin'ny zava-boahary rehetra, ny olombelona dia midera ny hatsaraNy, hatsarana hafa noho ny an'ny zavatra tsara rehetra, amin'ny alalan'ny fisaintsainany. Ny tsy fahafahana maneho an'Andriamanitra, raha ny tena izy, dia marika manokana an'Andriamanitra, mandefa any amin'ny maha tsy manam-petra sy ny toetra ambony dia ambony, farany dia farany, ary tsy azo refesina izay an'Andriamanitra. Ny tsy manam-petra, amin'ny dikan'io teny io rehetra, dia izay tsy azo aseho.

**Ny Fanjakan'ny emperora romana tany Atsinanana.**

Ao anatin'ny lalan-kevitr'ity fisainana islamika ity, ny mpiangaly haikanto moslimo dia namorona ny haikanton'ny fandravahana ary novany ho "arabesika (sangan'asa sorakaliana natao amin'ny riba arabo)". Ny arabesika dia manova ilay zavatra ravahan'izy ireo, na lamba izany, na singan-javatra vita metaly, na vazy, na rindrina, na valin-tafo, na andry, na varavarankely, na pejina boky, ho sary miverimberina malefaka, mangarahara sy manonjanonja manao vahilava tsy misy fiafarany, ary manjohy amin'ny zotra rehetra. Ilay zavatry ny voahary ravahana dia lasa tsy izy intsony: ilay maha izy azy ranoiray dia novana ary lasa sahan'ny hitan'ny maso. Raha ny amin'ny lafiny tao kanto, dia lasa varavaran-kely misokatra amin'ny tsy manam-petra izy, noho ny vokatry ny arabesika. Raha raisina ho toy ny singa mitaona ny saina amin'ny maha tsy manam-petra ity zavatra ity, dia hita tsikaritra ny iray amin'ny dikan'ny maha ambony dia ambony, ilay hany tokana voaseho (na dia amin'ny endrika mandà aza), amin'ny alalan'ny fampisehoana amin'ny alalan'ny taovampandrenesana sy ny tsindrim-panahy.

Izany no antony mahatonga ny ankamaroan'ny sangan'asa haikanto noforonon'ny moslimo ho takarina an-tsaina. Na dia ny amin'ny trangan'ireo sangan'asa mampiseho zava-maniry, biby, na zanak'olombelona aza, ilay mpiangaly haikanto dia namoaka amin'ny taosary notsorina ireto farany, amin'ny fomba mahatonga fandavana ny endrik'izy ireo manokana maha zava-boahary azy, ary tsy nanome azy ireo izay mety maha izy azy ranoiray ambonin'ny fifehezan'ny

voahary. Amin'ity fizotran'ny lalan-tsaina ity, ilay mpiangaly haikanto moslimo dia niantehitra tamin'ny lovany momba ny teny sy ny haisoratra.

Amin'izany tarigetra izany ihany, nampiroboroboiny ny soratra arabo, mba hanaovana azy ho lasa arabesika mitomandavana tsy manam-petra, mivoatra amin'ny fomba tsy miandalana, manjohy ny zotra rehetra izay ho safidian'ny mpanao kalisoratra harahina. Dia toy izany koa ny an'ny mpahay maritrano moslimo, izay ny sangan'asany manontolo dia arabesika. Ny *tawhid* no hany mpizara iombonana tokana iraisan'ireo mpiangaly haikanto rehetra ireo, mizara ilay vina islamika, ary izany, na aiza na aiza toerana misy azy, na ana foko inona na inona izy ireo.

## FANAZAVANA MANOKANA

Jereo ny fitsipahako ireo fotopahalalana naroson'ny mpahay riba tatsinanana, izay misalasala ny amin'ny fisian'ny maha izy azy ranoiray ho an'ny diny islam, na ny amin'ny marina momba ny maha fantatra azy na azo fantarina azy ao amin'ny lahatsoratra nosoratako "The Essence of Religious Experience in Islam", Numen, boky faha 20, 1973, pp. 186-201.

Ny amin'io, ny *tawhid* dia miavaka amin'ny "soufisme" sy antokom-pivavahanan'ny hendoisma, izay mihevitra fa ny maha misy izao tontolo izao dia mitambatra amin'Andriamanitra, ary ity farany dia lasa ilay hany fisiana misy, ilay tokana misy. Araka ity vina ity, tsy misy tena misy marina afa tsy Andriamanitra. Izao rehetra izao dia hadisoam-piheverana, ary ny fisian'izay mety ho zavatra hafa dia tsy manam-pisiana. Ny *tawhid* dia manohitra ihany koa ny fijerin'ny egiptiana, grika, ary taoista tamin'ny vaninandro faha Ntaolo, mifanipaka tanteraka amin'ny fihevitry ny karana, izay araka ny azy ireo ny fisian'Ilay Mpahary dia mikambana amin'ny an'ny zava-boahary na ny an'izao tontolo izao. Raha ny fijerin'ny egiptiana dia mitokoa fa Andriamanitra dia sady ny farao, ny silak'ahitra izay miseho amin'ny lohataona, no ny renirano Nila sy ny boriborin'ny masoandro, ny fihevitry ny grika romana tamin'ny vanin-taona fahaNtaolo kosa, raha ny aminy, dia manohana fa Andriamanitra dia mampiseho endrika tsy miavaky ny voahary na ny toetra manokan'ny olombelona amina ambaratonga tena ambony, hany ka any ambadiky ny voahary ny toerany, sady ao antin'ity ihany koa. Amin'ireo vina roa ireo, Ilay Mpahary dia voafangaro amin'ny zava-boahariny. Nasesiky ny fandraharahana maha pretra, ny fivavahana krisitiana dia nihataka tamin'ny lohahevitry ny *tawhid*, raha nilaza izy fa Andriamanitra dia nitafy nofo tamin'ny vatan'i Jesoa, ary ity farany dia Andriamanitra. Ny diny islam no hany manipika ny faharoalafiana mazava sy ny tsy fitoviana tanteraka eo amin'Andriamanitra sy izao tontolo izao, Ilay

Mpamorona sy ny zava-boahary. Araky ny hita amin'ny alalan'ny fijorony mazava sady hentitra momba ny maha ambony dia ambony an'Andriamanitra, ny diny islam no lasa votoatin-kevitry ny fanao nenti-paharazan'ireo mpaminany semita, ary mampiseho ny tena ivo elanelana eo amin'ny fihoarampampana tatsinanana (karana), izay mitsipaka ny maha marina ny voahary, sy ny fihoarampampana tandrefana (grika sy egiptiana), izay manilika an'Andriamanitra amin'ny maha Hafa azy.

Io lohahevitra io no manipika ny fisarahana manontolo araky ny haiolombelona eo amin'Andriamanitra sy ny olombelona, sy ny maha tsy mety hisy ny firaisany amin'ny alalan'ny ankolaky ny fitafiana nofo, ny fanandratana ho andriamanitra na ny fanambàrana. Na izany aza anefa, io lohahevitra io dia tsy mitsipaka ny maha marina ny mety hisian'ny serasera amin'izy ireo. Raha ny marina, izy dia mandeha miara-droroa amin'ny iraka maha mpaminany, na ny fampitana baikon'Andriamanitra amin'ny olombelona, izay heverina fa tsy maintsy ankatoavin'ity farany. Io lohahevitra io dia tsy manaisotra ihany koa ny maha mety hisian'ny serasera amin'ny alalan'ny fisainana na ny tsindrim-panahy, rehefa mandinika ny zava-boahary ny olombelona, mametra-panontaniana ny amin'ny fiandohany sy ny tigetrany, ary farany manao fehin-kevitra fa tsy maintsy misy na manao ahoana na manao ahoana mpamorona, mpamolavola, sy mpiaro izay mendrika ny ho henoina: ny resahina dia famadihan-ko voankevitra sy ny fanamarinana ataon'ny saina. Ary farany, dia ny lohahevitra fampisarahana araky ny haiolombelona an'Andriamanitra sy izao tontolo izao no manavaka ny *tawhid* amin'ny fotopahalalana grika, romana, hendoista, bodista, na kristiana izay manandratra ny olombelona ho andriamnitra na manao ho olombelona an'Andriamanitra.

**Kor'any 3 : 191 ; 23 : 116.**

**Ao ihany. 7 : 15 ; 10 : 5 ; 13 : 9 ; 15 : 29 ; 25 : 2 ; 32 : 9 ; 38 :72 ; 41 :10 ; 54 :49 ; 65 :3 ; 75 ; 4 & 38 ; 80 : 19 ; 82 : 7 ; 87 : 2-3.**

**Ao ihany. 17 : 77 ; 33 :62 ; 35 :43 ; 48 : 23 ; 65 : 3.**

Izay mety ho asa vita « amin'ny fomban'ny voahary », dia, araka izany, tsy manaraka ny fitsipi-pitondran-tena ary tsy mendrika na sazy na valisoa. Tanisaintsika ohatra ny fisefoana, ny fandevonan-kanina, na asa fiantrana na tsy fahamarinana vita tao anaty fanerena. Tsy anatin'izany ny trangan'ny asa natao ao anaty fahalalahana tanteraka sady teo ambany fanampahankevitry ny mpanao azy ireny. Ity hevitra ity dia hita ao amin'ireo andininy milaza ny maha tonga lafatra ny famoronan'Andriamanitra ( jero ny fanazavana fanampiny faha 4 sy faha 5), sy ny adidy sy ny andraikitra araky ny fitsipi-pitondran-tena an'ny olombelona (izay tsy ho tanisaina noho ny hamaroan'ny isany).

Izay ilay dika miseho lany amin'ireo andininy milaza ny fankatoavan'ireo zava-boahary hafa ny olombelona, izany hoe :**13 : 2 ; 14 : 32-33 ; 16 : 12 & 14 ; 22 : 36-37 & 65 ; 29 : 61 ; 31 : 20 & 29 ; 35 : 13 ; 38 : 18 ; 39 : 5 ; 43 : 13 ; 45 : 11-12.**

Araky ny ampahatsiahivin'ny fibahan'ny fisian'ny fanondroana ny adidy momba ny fitsipi-pitondran-tena ao amin'ny Kor'any. Andininy maro ao amin'ny Kor'any manondro ny Fitsarana amin'ny Andro Farany. **(75: 36; 88: 26; 4: 85, etc.).**

Andriamanitra dia mandrara ny olombelona mba tsy hanana ahiahy miendrika fiampangana an'ireo olona mitovy aminy, ahitana izany ao amin'ireto andalana manaraka ireto: **4 : 156 ; 6 : 116 & 148 ; 10 : 26 & 66 ; 49 : 12 ; 53 : 23 & 28.**

Io teny avy amin'ny grika io dia tsy misy mitovy dika aminy amin'ny teny arabo, izany dia maneho ny tsy fitoviam-pijerin'ireo fiteny roa ireo. Ilay teny grika dia mandefa amina fotopinoana mifanohitra amin'ny ara-tsaina, izay narahan'ny kritiana.

Ny mpahay filozofia dia nanandratra, tamim-pahadisoana, ny saina ho ambonin'ny fanambarana, ary nanome azy sata loha laharana amin'ny fandinihana ny fanontaniana momba ny fivavahana. Ny mpihevitra moslimo, izy, dia tena afaka ny mamaritra ny saina amin'ny fomba hafa, ary mampiasa azy ho fototr'ireo fotopahalalana hafa rehetra. Ny fanontaniana momba ny maha manankery an'ity na

an'iry amin'ireo famaritana ireo dia tena azo apetraka tokoa, fa tsy misy isalasalana kosa fa ilay famaritana islamika, araka ny fisainana amin'ny fomban'ny filozofia, dia vanon-kaharitra, hendry, sady avo lenta. Ny famaritana izay milaza fa ny fanondrotana ny fampiasana ny saina dia mitovy lanja amin'ny fanilihana ny fifanoherankevitra dia mendrika, noho izy manohy mandrakariva ny fomba fanaon'ireo mpialoha lalana antsika natahotra an'Andriamanitra.

Io lohahevitra io dia tohanan'ireo andininy ao amin'ny Kor'any mitsipaka ny fandrarana amin'ny fomba boraingona **(ohatra, 5 : 90 ; 7 :13 ; sy 66 :1)**, ary koa ny lohahevitra momba ny lalàna eken'ny manam-pahaizana rehetra, izay milaza fa ny zavatra iray dia tsy voahosotra ho voarara raha tsy efa voambaran'ny rijanteny fitsipika izany. Io lohahevitra io dia voamarin'ny andininy **119 sy 153 ao amin'ny soraty faha 6.**

**Kor'any 6 : 42 ; 12 : 109 ; 13 : 40 : 14 : 44 ; 15 : 9 ; 16 : 43 ; 17 : 77 ; 21 :7 & 25 ; 23 :44 ; 25 : 20 ; 30 : 47 ; 37 : 72 ; 40 : 70.**

**Ao ihany. 4 : 162 ; 35 : 23.**

**Ao ihany. 30 : 30.**

**Ao ihany. 94 : 6.**

**Ao ihany, 49 :6.**

Jereo ny toko faha 14 ao amin'ny asa soratra voalohany mitondra ny lohateny hoe « The Cultural Atlas of Islam ». Ny siansa momba ny zava-boahary dia tsy niroborobo raha tsy efa nekena ilay lohahevitra izay milaza fa ny zava-mitranga voajanahary dia manoa hatrany lalàna tsy miovaova efa eo ihany. Io lohahevitra io rahateo moa dia aroson'ny diny Islam mba hamporisihana ny firoboroboan'ny siansa momba ny zava-boahary ao amin'ny mpino. Ny fanindriany momba ny maha tonga lafatra izao rehetra izao, izay avy amin'Andriamanitra, dia nanome ny lasitra ilaina ho an'ny fampiroboroboana ny fisainana ara-tsiantsa. Ny finoana mifanohitra amin'izany, izany hoe mihevitra fa ny voahary dia miovaova, fa izy kosa dia eo ambanin'ny fandraisam-

panapahan-kevitra boraingona haka andriamanitra izy izay mitafy nofo ao aminy, na amin'ny hery momba ny majika sy mpandrebireby, dia tsy mety ho tafita amina siansa.

Mifanohitra amin'ny tantara, izay mamakafaka zava-mitranga iray manokana, sy manadihady ireo singa fototra ao aminy, mba hamaritra ireo famatorana izay mampifandray azy ireo, ny siansa momba ny zava-boahary dia mandinika ny drafitra ankapobeny sy ny lalana an'izao rehetra izao, izay mihatra amin'ireo singa fototra na amin'ireo singan'ny sokajy iray voafaritra na amin'ny sokajy maromaro ao anatin'ny vondron'izy ireo.

Dia torak'izany ihany koa ny an'ny siansa momba ny fiaraha-monina sy an'ny olombelona, izay mifototra amin'ny fametrahana lalàna mifehy na mamaritra le fihetsiky ny olombelona, na isam-batan'olona izany na itambarana.

**Kor'any: 51: 56.**

**Ao ihany. 51: 56; 2: 30; 6: 165; 10: 14.**

**Ao ihany. 33 : 72.**

**Ao ihany. 33 : 72 ; 15 : 29 ; 21 : 91 ; 38 :72 ; 66 : 12.**

**Araky ny tenin'i Masindahy Augustin.**

**Kor'any. 11: 7; 18: 7; 47: 31; 67: 2.**

**Ao ihany. 9: 95 & 106.**

**Ao ihany. 99: 7-8; 101: 6 & 11.**

**Ao ihany. 11: 61.**

**Ao ihany. 2 : 57 & 172 ; 5 : 90 ; 7 : 31 & 159 ; 20 : 81 ; 67 : 15 ; 92 : 10.**

**Ao hany. 55: 33.**

**Ao ihany. 57 : 27 ; 28 : 77 ; 2 : 201 ; 7 : 156 ; 16 : 30 ; 39 : 10.**

**Ao ihany. 21 : 92 ; 23 : 53.**

**Zaho ny soraty faha 103 ao amin'ny Kor'any sy ny andininy 49 ao amin'ny soraty faha 10.**

**Ao ihany. 3: 103.**

**Ao ihany. 3 : 110 ; 5 : 82 ; 9 : 113 ; 20 : 54, 128.**

**Ao ihany. 3 : 32, 132 ; 4 : 58 ; 5 : 95 ; 24 : 54 ; 47 : 33.**

Araky ny itokoavan'ny Mpaminany Muhammad ﷺ amin'ny hadisiny tamin' ny fanaovam-beloma, voalaza tamin'ny fivahiniana masina farany nataony. Ny fifanarahana telo toko dia manondro ny maha iray ny vina, ny finiavana (na ny fikasana) sy ny hetsika amin'ny samy moslimo.

Ny Mpaminany Muhammad ﷺ dia nampitovy ny moslimo amina fanorenana lehibe iray, voavoatra tonga lafatra, izay mifanohana ireo singa samihafa ao aminy, ary koa amina vatana iray, izay mihetsika ho azy rehefa misy iray amin'ireo taovany voatohina.

**Kor'any : 42 : 11.**

Raha mila angon-kevitra misimisy kokoa momba io, jereo ny asa soratra nataon'io mpanoratra io ihany, mitondra ny lohateny hoe « *Islam and art » Studia Islamica*, boky faha **37, 1973, p. 81 – 109.**

Ismail Raji Al Faruqi, « *On The Nature of The Religious Art* », Ny Diny Islam sy ny Vanin-taona Moderna, boky voalohany, 1970, p. 68 – 81.

Raha mila angon-kevitra misimisy kokoa momba ny fifandraisana eo amin'ny *tawhid* sy ireo endrika hafa momba ny haikanto, jereo ny toko faha 19 ka haramin'ny faha 23 ao amin'ny asa soratr'io mpanoratra io ihany : « The Cultural Atlas of Islam »; sy ny boky momba ny Lalàna « Lamya Al Faruqi, Aesthetic Experience and The Islamic Arts », Islamabad : Komitin'ny Faha zatotaona an'ny hejira, 1985.

## Takila fanoroam-pejy

SASINTENY 5

I - Ny *tawhid*: vina momba izao tontolo izao 9

II - Ny *tawhid*: : ny maha izy ranoiray ny sivilizasiona 17

III-Ny *tawhid*: :Lohahevitra Voalohany Momba NY HAIFAHAMENDREHANA 31

IV-Ny *tawhid*: :Lohahevitra Voalohany AMIN'NY HAIHASIMPITONDRANTENA 37

V - -Ny *tawhid*: : Lohahevitra Voalohany Momba NY « FANANDRATANA NY FIARAHA-MONINA AM-PIANAKAVIAMBE ». 41

VI - -Ny *tawhid*: :Lohahevitra Voalohany Momba

NY HAIKANTO 45

FANZAVANA MANOKANA 53

## FANAZAVANA MANOKANA

## AVY AMIN'NY MPANDIKA NY TENY AMIN'NY FITENY MALAGASY

Omena amin'ity "FANAZAVANA MANOKANA AVY AMIN'NY MPANDIKA NY TENY AMIN'NY TENY MALAGASY" ity ny fanazavana fanampiny, anamorana, ho an'ny mpamaky, ny fahazoana ny hevitra aseho, araky ny vinan'ny diny islam. Amin'ny teboka telo no anaovana izany fanazavana izany: (i) – Fanazavana momba ny fandehan'ny lalan-tsaina (demarche méthodologique) nanaovana ny asa fandikan-teny; (ii)-toetra manokana mampihavaka ny teny Malagasy; (iii) – teny Malagasy vitsivitsy, fampiasa isan'andro, avy amin'ny teny arabo na hebreo, ary (iv) - dikan-teny sasan-tsasany, tsy hita amin'ny amin'ny Rakibolalana frantsay-malagasy, nandikana ny teny hita tao amin'ilay asa soratra "Ny *Tawhid*, am-piandohan'ny Sivilizasiona Islamika".

1-Fanazavana momba ny fandehan'ny lalan-tsaina nanaovana ny asa fandikan-teny.

Rakibolana (diksionera Frantsay-Malagasy), roa, sy Rakibolana (Malagasy-Malagasy) iray, no nampiasainay, nanaovana ny fandikan-teny. Ny diksionera Frantsay-Malagasy dia: ---------« VITASOA », nosoratan--dRABENILAINA Roger Bruno, Professeur Titulaire, Mpikambana ao amin'ny Akademia Malagasy, sy i MORIN Jean Yves, Professeur Titulaire, Université de Montréal, Canada, navoakan'ny Editions AMBOZONTANY, ANALAMAHITSY, ANTANANARIVO, tamin'ny 2015;

-DICTIONNAIRE FRANÇAIS-MALGACHE, nosoratan-

DRAKOTONAIVO François, Professeur, navoakan'ny Editions AMBOZONTANY, Fianarantsoa, tamin'ny 1993 ; -ny Rakibolana Malagasy-Malagasy, dia «RAKIBOLANA»: nosoratan'i Régis RAJEMISA-RAOLISON, navoakan'ny Editions AMBOZONTANY, FIANARANTSOA, 1995.

Izy ireo dia nanampy amin'ny fahafantarana misimisy kokoa ny amin'ny toetra mampiavaka ny fiteny malagasy. Ny mampiavaka ny asa natao, dia izy mikasika ny fivavahana islam, islam amin'ny maha islam azy eran'izao tontolo izao, fa koa islam, amin'ny maha islam azy misy eto Madagasikara. Satria efa hatramin'ny taon-jato faha XII no efa niainan'ny Malagasy ny fivavahana islam, ary efa an'ny Malagasy ny fivavahana islam (« Islamisation à Madagascar », asa soratra nataon'i Mathieu PELLERIN, Chercheur Associé au Programme Afrique Subsaharienne de l'IFRI, et Gérant de la Société Centre d'Intelligence Stratégique sur le Continent Africain), izany hoe efa taloha ela be ny nidiran'ny fivavahana kristiana teto Madagasikara. Koa tsy mahagaga raha misy teny maro amin'ny fiteny malagasy, avy amin'ny teny arabo na avy amin'ny teny hebreo.

2- Toetra manokana mampihavaka ny teny Malagasy.

Momba ny fiteny iray, dia iarahanay manana ny hevitry ny Professeur François RAKOTONAIVO, amin'ny Préface, ao amin'ny Dictionnaire Français-Malgache nosoratany, manao hoe: " une langue est un fait de culture; elle est propre à un peuple, à une nation; elle lui est caractéristique; elle est l'expression de son identité; elle porte le poids de sa civilisation". Raha adika tsotsotra, dia izao no ambarany : « ny teny iray dia zavatry ny kolotsaina ; an'ny vahoaka iray manokana izy, an'ny firenena iray ; mampiavaka azy izy ; maneho ny maha izy azy manokana izy ; mitondra ny lanjan'ny sivilizasiony izy.»

Voasoritra amin'izany ny ezaka tsy maintsy atao amantarana ny mampiavaka ny fiteny malagasy, fitenin'ny firenena malagasy, manana ny sivilizasiony, efa voarafitra sy niainany talohan'ny nidiran'ny kolotsaina tandrefana teto Madagasikara.

Ambaran'i Profesora RABENILAINA Roger Bruno, ao amin'ny teny

fanolorana ny Dictionnaire Français-Malgache, norotany sy ny Profesora MORIN Jean Yves, fa « la langue malgache appartient à la grande famille des langues austronésiennes, dans son lexique, sa morphologie, et sa syntaxe, comme l'indonésien, le malais, et un grand nombre de langues de l'Océanie et du Pacifique.»

Marina tsy azo lavina izany. Tsy tokony hadinoina koa anefa, fa anisan'ny mampiavaka ny fiteny Malagasy ihany koa ny fisian'ny teny maro avy amin'ny teny arabo na hebreo amin'ny fiteny andavan'andro ampiasain'ny Malagasy. Eken'ny mpahay tantara sy mpahay momba ny teny (linguistes) koa izany. Izany rehetra izany no tsy maintsy najainay tamin'ny fanaovana ity asa ity.

Ny zavatra fahatelo nobanjininay ihany koa dia izao: tsy tahaka ny teny frantsay, na ny teny anglisy ohatra, izay efa nampiaty hatramin'ny ela ireo voambolana maro, momba ny haifilozofia, sy ny an'ny sehatra hafa amin'ny siansa, ny fiteny Malagasy; vao haigana no nosoratana sy noraiketina ny tsipelina, sy fitsipika hafa momba ny fiteny, ka mbola zary manano sarotra ny fandikana voambolana maro; mety tsy hahafapo amin'ny endriny misy ankehitriny; fa mbola samy miezaka ny manam-pahaizana sy ny mpikaroka, anatsara sy ampivoatra hatrany ny teny Malagasy.

2- Teny Malagasy vitsivitsy, fampiasa isan'andro, avy amin'ny teny arabo na teny hebreo.

Ireto misy teny vitsivitsy, fampiasa isan'andro amin'ny fiteny Malagasy, avy amin'ny teny arabo na hebreo.

- Anaran'olona: NORO: anaram-behivavy, avy teny arabo hoe: NOOR, izay midika hoe MAZAVA na FAHAZAVANA; nanome anarana maro, toy ny MAHANORO, ANDRIAMAHAZONORO, ANDRIANORO, RABENORO, MANORO; etsetra;
- Anaran'ny andro fito amin'ny herinandro, samy ampisain'ny

arabo sy ny hebreo: marihina fa ny alahady no manomboka ny herinandro amin'ny arabo sy ny hebreo: alahady, (avy amin'ny teny hoe wahad, midika hoe : "isa", na andro voalohany; alatsinainy, andro faharoa; talata, na andro fahatelo; alarobia, na andro fahaefatra; alakamisy, andro fahadimy; zoma, na joma, sy sabotsy, sabata, na andro fahafito.

- Mino : croire; teny arabo "mou'minou" mpino;
- Mandà: fototeny "là"; man + là = manda;teny arabo "là", midika koe "tsia", entina mandà; mitsipaka zavatra ray tsy marina ;
- Maty: avy amin'ny teny arabo hoe "mait"; dika mitovy tsy misy hafa;
- Minia: fototeny NIA; MI + NIA; teny arabo" niyyat": midika hoe "fikasana", "intention" amin'ny teny frantsay;
- Mizana: mizana, fitaovana fandanjana; teny arabo "mizan".
- Kibory: fasana; teny arabo "kabory";
- Vajihy: tarehy, any amin'ny faritra sakalava; avy amin'ny teny arabo hoe " wajih", midika hoe "tarehy", na "face" amin'ny teny frantsay.
- Katibo, faritra antemoro; teny arabo "khatib"; mpitoriteny; mpikabary.

3-Dikan-teny sasan-tsasany, hita na tsy hita amin'ny amin'ny Rakibolalana frantsay-malagasy, nandikana ny teny hita tao amin'ilay asa soratra "Ny *Tawhid*, am-piandohan'ny Sivilizasiona Islamika".

**Absolu:** lehibe dia lehibe tsy hita noanoa; nafohezina amin'ny hoe: lehibe dia lehibe.

**Apothéose**: tampony mendrika an'Andriamanitra.

**Artiste:** mpiangaly haikanto.

**Ascétisme:** fanandratana ny fiafiana mafy.

**Biais :** ankolaka, ankolaky.

**Catharsis** (psychanalyse) : fitsaboana ny saina amam-panahy amin'ny fampitsikafonana ho tsapa sy iainana.

**Conceptualisation :** famadihana ho voan-kevitra ; famadihan-ko voan-kevitra.

**Confier un dépôt** : mametraka ho tandremana adidy be voninahitra.

**Contemplé** : mahafinaritra jerena.

**Contempler** : mijery finaritra.

**Culte :** fanompoam-pivavahana.

**Cynisme:** baranahiny tsy misy henatra.

**Dieu** : Andriamanitra.

dieu : haka andriamanitra. (andriamanitra dia fitambaran'ny teny roa: andria sy manitra; andria dia ampasaina anaovana anaran-tsamy irery, toy ny "Andriakoto", "Andriamahery", etsetra. Tsy tokony ampiasaiana miantomboka amin'ny sora-madinika (miniscule). Ampialoavana azy ny teny "haka". Amin'ny teny Antandroy, ny renikely, vadin'ny ray, dia antsoina hoe "haka reny"; izany hoe tsy tena reny, fa omena ny toeran'ny reny. Haka andraimanitra no ampiasana, mba hanehoana fa tsy andriamanitra, fa omena ny toeran'Andriamanitra fotsiny.

**Divinité:** haka andriamanitra.

**Degré:** ambaratonga, antanan-tohatra.

**Dogme**: andrim-pinoana foto-pinoana.

**Document :** tahirim-pahalalana, tahirin-kevitra.

**Dualité:** faharoalafiana; noforonina tamin'izao fomba manaraka izao. Ohatra: faharatsiana, dia avy amin'ny mpamari-toetra hoe "ratsy". Faharoalafiana dia avy amin'ny mpamari-toetra hoe "roalafy", dia "dual" no dikany amin'ny teny frantsay. "Faharoalafiana" no mahadika tsara ny hoe "dualité".

**Empire:** Fanjakan'emperora. Mety sy tsara kokoa noho ny "fanjakambe". Ahafahana manome ny anaran'ilay emperora, na ny tanin'ilay emperora. Emperora romana; emperora romana Kaisara.

**Esthétique:** taokanto.

**Ethique:** haifahamendrehana.

**Espace:** habaka; habakabaka.

**Facteur:** anona (matematika).

**Intelligence:** saina; halalintsaina.

**Logique:** manaraka ny eken'ny saina; fanarahana ny eken'ny saina.

**Monde** : izao tontolo izao.

**Mythe :** anganom-pivavahana ; mythe grec : anganom-pivavahana grika.

**Naturalisme :** fanandratana ny maha voahary.

**Normative:** raisina ho fitsipika fototra.

**Objet :** antony, fototra.

***Oumma*** **:** fianakaviambe ara-pivavahana (communauté religieuse) ; ny tena dikany dia « firenena ». Mahadika ihany koa ny teny frantsay hoe « nation ». Ny teny arabo hoe « oumma » dia avy amin'ny teny hoe « oum », izay midika hoe « reny », ka ny teny hoe « oumma », ny tena dikany dia « firenena », « matrie ». Tahaka ny teny malagasy hoe « firenena », « matrie », nandikana ny teny frantsay hoe « nation ».

Ny maha firenena ny firenena iray dia ny fivavahany, raikitra ho soa toavina amin'ny alalan'ny fitenin-drazany sy ny abidiny (alphabet), sy ny fanao miaraka amin'izany amin'ny fiainana andavanandro (ny fady (ohatra fady hena kisoa), ny fora zazalahy, anaran'ny andro amin'ny herinandro, etsetra etsetra). Ny "sorabe" no nanoratana ny teny Malagasy, talohan'ny nanoratra azy amin'ny abidy ampiasaina ankehitriny, amin'ny soratra latina (caractères latins). Ireo rehetra ireo no maha efa firenena ny vahoaka Malagasy, talohan'ny nidiran'ny kolotsaina tandrefana teto Madagasikara.

**Orientaliste :** mpahay riba tatsinanana.

**Processus :** fifanesen-javatra.

**Rationalisme :** fandalana ny fifotorana amin'ny saina.

**Redemption :** famonjena.

**Relativisme :** tsy fahatomombanana.

**Religion :** fivavahana.

**Renaissance :** vanin-potoana faha Fihavaozana.

**Ressources humaines :** firongoavana enti-manana ara-olombelona.

**Servir :** manompo.

**Sociétisme :** (tsy hita na amin'ny diksionera frantsay-frantsay aza) ; nadika hoe : « fanandratana ny fiaraha-monina am-pianakaviambe ».

**Soufisme :** fotompinoana iray ao amin'ny mpanaraka ny diny islam, vontom-pinoana amin'ny zava-miafina, momba ny fiafiana mafy, sy ny sarotra takarina. Fanao mampiavaka azy ny fandinihan-tena, miezaka manaisotra ireo fironana ratsy amin'ny fanahiny, sy miakatra hifandray amin'Andriamanitra, amin'ny alalan'ny dingana manao tohy vakana, izay miafara amin'ny faharavan'ny tena ao amin'Andriamanitra. Mivondrona ao anaty fikambanam-pivavahana (confréries) miorina amin'ny fifankatiavan'ny samy mpino ny « soufis ». Misy azy ireo

any Afrika sy eto Madagasikara. Any Sénégal dia « mourids » na anarana ahafantarana azy. Eto Madagasikara, « mpanao dayra » no ahafantarana azy.

**Sujet :** mpanao, mpisehatra.

**Surnaturel :** ambonin'ny fifehezan'ny voahary.

**Système** : sata. Ohatra : système politique : sata politika.

***Tawhid*:** ny maha isa fa tsy roa. Avy amin'ny teny arabo hoe "wahad", izay fanombohan'ny fanisana "isa", na "un"; izany hoe ilay toetra maha isa fa tsy roa an'Andriamanitra. Tsy nadika hoe "tokana", satria ny hoe "tokana" mitondra amin'ny hevitra hoe "mitokana", "seul", na "isolé".

**Thèse :** tonon-kevitra ; filazana, fanononana hevitra.

**Tolérance :** fahaleferana.

**Transmigration :** fifindran'ny fanahy vatana (amin'ny vatana hafa).

**Unique :** iray, isa.

**Unité** (absolue): isa fa tsy roa, (lehibe dia lehibe, tsy hita noanoa).

**Univers :** izao rehetra izao.

**Universel:** an'izao rehetra izao; momba izao rehetra izao.

**Vénérer :** mivavaka amin'ny

**ANK :** Aorian'ny Nahaterahan'i Kristy.

**TNK :** Talohan'ny Nahaterahan'i Kristy.

## FAMPAHAFANTARANA FOHY NY

## INSTITUT CULTUREL ET SOCIAL AL GHAZALI

Tsy ranoiray ny fianakaviambe malagasy. Taratry ny toerana misy ilay tany mihitsy izy, eo am-pihaonan'ny kolotsaina samihafa, aty amin'ny Atsimo Andrefan'ny Ranomasimbe Indiana. Tranainy ny tantaran'ny fahatongavan'ny mioslimo teto Madagasikara. Misy mpanoratra sasany mametraka azy tamin'ny taonjato faha sivy. Araky ny firaiketana tahirin-tsoratry ny Antemoro, izay heverina fa avy Maka (La Mecque) ny razany, tamin'ny manodidina ny taona 500 amin'ny fanisan'andro mioslimo, izany hoe teo amin'ny taonjato faha roa ambin'ny folo. Izany dia voamarin'ny asan'ny mpanoratra hafa. Manamarina izany ny ohatry ny fomba ara-kolotsaina, toy ny:famorana ny zazalahy hita amin'ny foko Malagasy rehetra, ny maha fady ny fihinanana hena kisoa talohan'ny nidiran'ny fivavahana kristiana teto Madagasikara, ireo teny fampiasa an-davanandro avy teny arabo.

Ny Institut Culturel et Social Al-Ghazali (ICSA) dia fikambanana tsy mitady tombontsoa ara-bola, fehezin'ny lalana malagasy. Ny ICSA dia mikatsaka ny hitondra rivo-baovao eo amin'ny fandaminana ny fianakaviamben'ny mioslimo eto Madagasikara.

Raha notombanana ho teo amin'ny 7 % n'ny mponina eto Madagasikara izy tamin'ny 1993, araky ny vokatra hita tamin'ny fanadihadiana vao haingana tamin'ny fanisam-bahoahaka tamin'ny 2018 (RPGH3), dia mahatratra eo amin'ny 25 % n'ny mponina eto Madagasikara ny vahoaka mioslimo eto Madagasikara.

Mba hanamafisana ny fahaiza-manaon'ny vahoakantsika, ary ho fampiakarana ny anjara birikiny, dia mirotsaka an-tsehatra ny ICSA amin'ireto tanjona lehibe efatra ireto:

Ny fanabeazana: manao izay hahazoan'ny fitambaran'ny tanora avy amin'ny fianakaviana sahirana ara-pivelomana indrindra misitraka fanabeazana. Manandratra ny fiezahana hahazo ny lafatra indrindra amin'ny alalan'ny fanomezana vatsim-pianarana ireo mendrika indrindra amin'ireo nahazo ny diplaoma baccalaureat. Mamporisika ireo mpianatsika mendrika indrindra hanao ny ambaratongam-piofanana manomana ny doktorà.

Ny kolotsaina: izy no ADNn'ny fiaraha-monina tsirairay. Zava-dehibe ny fanandratana ity kolotsaina Malagasy ity, izay niandoha avy amina sivilizasiona maro, anisan'izany ny sivilizasiona islamika. Satria ny tsy fahafantaranan'ny tera-tany izany dia banga lehibe amin'ny fahafantaran'izy ireo ny momba azy. Vaindohan-draharaha ny hahafahantsika miasa sy manampy ireo tanora mpikaroka hamerina amin'ny laoniny ny tantara ara-kolotsain'ny tanintsika.

Asa sosialy: ny ampahany lehibe amin'ny mponina malagasy dia miaina any ambanin'ny fari-pahantrana lalina. Mba ho anjara biriky amin'ny fanatsarana ny fari-piainany, izahay dia mikarakara, isam-bolana, asa sosialy manerana ny Nosy. Izany asa sosialy izany dia miantefa amin'ny Malagasy rehetra, mioslimo na tsy mioslimo.

Manoloana ny loza voajanahary, araky ny fiangavian'ny mpisehatra eto an-toerana sy eran-tany, dia mametraka asa voatondro takian'ny zava-misy izahay.

Eto Madagasikara, ny asa sosialy dia asa sahan'ny daholobe, fa tsy ana vondrona tokana. Izany no antony mahatonga anay mamoha varavarana amin'ny olona rehatra sy ny vondrona rehetra izay maniry hitondra anjara biriky amin'ny fanatsarana ny fari-piainan'ireo fianakaviana mahantra indrindra eto Madagasikara.

Ny toekarena: izy no loha laharana amin'ny fanafahana ny mponina amin'ny fahantrana. Amin'izany vina izany indrindra, izahay dia nametraka vaha olana mitondra fitantsoroka, amin'ny fitantanana tetikasa fampananana asa, eo amin'ny fitadiavana famatsiam-bola, sy ny fanaraha-maso ireo tetikasa voafantina. Mba hahafahana mampanararaotra sarambabem-bahoaka mivelatra, ny amin'ny fampandehanana orinasa madinika sy salasalany, sy mitondra anjara

biriky amin'ny fampandrosoana ny tany eo amin'ny lafiny toekarena.

Ny zava-tsarotra atrehan'ny vahoaka mioslimo eto Madagasikara, dia voafintin'ireo olana ireto:

- Ny tsy fahampian'ny rafitra (sekoly ara-pinoana, toera-pivavahana, sekoly akademika tsy miankina amin'ny Fanjakana, tobim-pahasalamana, sns…);
- Ny tsy fisian'ny fandrindrana eo amin'ireo rafitra samihafa izay misy, miaraka amin'ny tsy fisian'ny fiaraha-miasa, izay tsy miteraka afa-tsy vokatra bitika;

Ao anatin'izany tontolo manodidina izany, ny Institut Culturel et Social AL GHAZALI dia manolo-tena hisahana asana mpandrindra, amin'ny fampisiana ainga vaovao, sy amin'ny fitondrana aina vaovao ho an'ny vahoaka mioslimo.

**Ny Tawhid, Am-Piandohan'ny Sivilizationa Islamika** Ity boky ity dia fandinihana matotra momba ny fiandohana sy ny maha zava-dehibe ny sivilizasiona islamika. Ny mpanoratra, amin'ny angalin-tsoratra mampihavaka azy, dia mampiseho amintsika fa ny singa tsy azo foanana izay mahaforona ny sivilizasiona islamika, dia ny tawhid, ny fitokoavana fa tsy misy andriamanitra afa tsy Andriamanitra. Ity fitenenana ity dia manazava fa, i Allah no Tompo, sady hany Ilay Mpamorona Tokana, izay hafa ankoatra Azy dia zava-boahary, Izy dia Safatsiroa, Lehibe dia Lehibe Tsy Hita Noanoa, Tsy Manampaharoa. Izany hoe, ny Tawhid no loharano sy anona mpamaritra ny fisehoan-javatry ny sivilizasiona islamika, sy ny toetra maha tokana ny maha Safatsiroa an'Andriamanitra, eo amin'ny fanorenana sy ny fanavaozana ny fiaraha-monina. Ny maha izy rano iray ny sivilizasiona islamika dia miseho amin'ny lohahevitra telo misongadina, dia ny maha iray, ny fanandratana ny fahalalana avy amin'ny saina, sy ny fahaleferana.

**Ismaīl Rājī al-Fārūqī** (1921 au -1986) dia olon-kendry amerikana palestiiniana, fantatr'ireo iray saranga aminy tokoa, ho fahefana masin-teny eo amin'ny finoana islam, sy ny fampitahana fivavahana. Nandalo taona maromaro tao amin'ny Oniversiten'i Al-Azhar ao le Caire izy, ary nampianatra tamin'ny oniversite maromaro tany Amerika Avaratra, anisan'izany ny Oniversite McGill, sy ny an'i Montréal.
Profesora momba ny fivavahana izy tao Temple University, izay nanorenany sy naha filoha azy ny praograma fampianarana momba ny finoana islam. Al-Faruqi dia mpanorina ihany koa ny Ivotoerana Iraisam-pirenena momba ny fisainana islamika. (Institut international de la pensée islamique

**INSTITUT CULTUREL ET SOCIAL AL GHAZALI (I.C.S.A.).** Tamin'ny 2014 no naorina ny Fikambanana tsy mikatsaka tombontsoa ara-bola. Ireto no tanjona lehibe kendreny ho tratrarina : ny fanandratana ny fanabeazana, ny fikolokoloana zaza kamboty, ny fanomezana vatsim-pianarana ho an'ireo tanora nahazo diplaoma, ny fandikana boky, ny fanofanana, sy ny fanamboarana tobim-panabeazana. Ny ICSA dia manao ny fifanamampiana ara-tsosialy, ny fanandratana ny ara-kolotsaina, ary ny fanampiana ny fisandratan'ny fianakaviamben'ny mpino mosilimo eo amin'ny lafiny ara-toekarena. Mba ho fanatanterahana izany, nanomboka tamin'ny 2019, dia maromaro ireo fifanarahana amina fikambanana iraisam-pirenena.
Ny teny filamatray dia : " ho avy mamiratra ho an'ny zaza rehetr

AL GHAZALI
Institut Culturel & Social

ISBN: 978-99949-0-997-1
9 789994 909971

Sary Takelaka Fonosana: Daniel Mennerich madrasa ulugbek madrasa, Uzbekistan, Flickr.com